



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavane - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-133

**TATITRY NY FANDAHARANASA VITAN'NY GOVERNEMANTA, TAONA 2020,
NATAON'ANDRIAMATO A PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA SY
ANDRIAMATO A MINISITRY NY TEOKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Fivoriana Faha-13
Natao ny
Talata 8 Jona 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FOTOANA: Talata 8 Jona 2021 tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitra mikasika ny fandaharanasa vitan'ny Governemanta, taona 2020, nataon'Andriamatoa isany:

- Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
- Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nitohy ny Talata 8 Jona 2021 tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanambara, fa ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana dia homen'ny Tale misahana ny Informatika amin'ny fotoana mahamety azy eo ihany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay miompana amin'ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta momba ny fandaharanasany tamin'ny taona 2020.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta hanatanteraka izany:

- Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
- Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry Toekarena sy ny Vola.

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa ho fampiharana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-166, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no anton'izao fihaonana izao.

Nampatsiahiviny ihany koa **fa** mandeha mivantana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nomeny ny Mpitantsoratra ny fitenenana mba hilazany ny fizotry ny fivoriana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatanteraka izany.

Toy izao no fivakiny: omena 30 minitra avy ny Minisitry tsirairay avy mba hanolorany ny asa vitany nandritry ny taona 2020.

Ny Filoha na ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Maharitra izay voakasika dia manana 5 minitra avy. Ireto avy izy ireo: ny Vaomiera mpanao Tombana ny Politikam-panjakana, ny Vaomieran'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana.

Ny fanamarihana avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM dia 15 minitra, ny Vondrona Parlemantera GPR, mbola 15 minitra ihany koa, ny Vondrona Parlemantera IRD, manana 20 minitra ary ireo avy amin'ny Solombavambahoaka tsy voasoratra anarana kosa, manana 10 minitra.

Marihana hatrany, hoy izy, fa fanamarihana momba ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta no hataon'ny mpandray fitenenana ka tsy tokony hivaona amin'izany.

Aorian'izay, omena 25 minitra avy, Andriamatoa Praiminisitra sy Andriamatoa Minisitry hanomezany ny valin'ny fanontaniana na fanamarihana izay natao teo.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana, Andriamatoa Praiminisitra, mba hanaovany ny tatitry ny asa vitany.

Fiarahabana an-dRamatoa Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra no nanombohan'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ny fitenenany.

Nambarany koa, fa faly ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'izao fifandinihana miaraka amin'ny Solombavambahoaka rehetra manerana an'i Madagasikara izao.

Nomarihany, fa araka ny Lalàmpanorenana, andininy faha-101 sy faha-102, dia amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany no atokana hanaovan'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany tamin'ny taon-dasa. Koa tonga manatrika anareo Solombavambahoaka eto izahay mba ho fanantanteraka izany.

Toy izao manaraka izao no tatitra nataony taorian'izany:

Etỳ ampiandohana, tianay ny manambara etoana, fa na teo aza ny valan'aretina "Covid-19" dia niroso hatrany ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Nataon'ny fitondram-panjakana ho laharam-pahamehana ny fitsinjovana ny aim-bahoaka tao anatin'izany fotoana izany, ka niarahantsika nisalahy tamin'ny alalan'ny Tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020 sy ny Tetibola, taona 2021.

Izao tatitra izao dia misy fizarana dimy: mikasika ny "Covid-19", ny fitantanana, ny filaminana sy fandriampahalemana, ny toe-karena sy fotodrafitrasam-pamokarana ary ny sosialy.

1. Ny fiatrehana ny valan'aretina "Covid-19"

Maro ireo ezaka nentina niady tamin'ny valan'aretina "Covid-19". Nomen-danja manokana tamin'izany ny ara-pahasalamana ary ny ara-tsosialy.

1.1. Eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana

Teo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Repoblika, ny Governemanta iray manontolo dia nandray an-tànana ny fanatanterahana ny paikady iadiana amin'ny valan'aretina "Coronavirus".

Tamin'ny taona 2020 dia tafiditra tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana ny firenentsika nanomboka ny faha-21 Martsa 2020 ka hatramin'ny faha-18 Oktobra 2020.

Tamin'ity taona 2021 ity dia niditra indray mandeha tato anatin'ny hamehana ara-pahasalamana i Madagasikara, nanomboka ny faha-3 Aprily 2021. Izany dia midika, fa mbola miady amin'izao valan'aretina izao isika Malagasy ohatry ny firenena rehetra eran-tany.

Nanomboka tamin'ity taona ity, ny Minisitera misahana ny Fahasalalamam-bahoaka no mandrindra ny asa andavan'andro ho fanatanterahana ny paikady napetraka. Tany amin'ny Faritra kosa, napetraka nanaraka izany ihany koa ny "Centre Régional de Commandement Opérationnel" na CRCO mba ahafahana mandrindra ny asa.

Noho izany, nahetsika ny mpiasan'ny fahasalamana, ny mpitandrofilaminana, ny mpiasam-panjakana, ny olon-tsootra nilatsaka antsitrabo maro ary ny "services essentiels" manerana ny Nosy hiatrehana izany ady amin'ny valan'aretina izany.

Ny paikady dia nizara 7 (fito) lehibe:

(i) Ny fanentanana ny mpiray tanindrazana manontolo hanaiky ny fanajana ny fepetra ara-pahasalamana sy ireo fepetra sakana rehetra mba hisorohana ny fiparitahan'ny valan'aretina. Mba ho fanitsiana sy fitaizana ny tsy manara-dalàna dia napetraka ny Asa ho an'ny tombotsoa iombonana na ny "Travaux d'Intérêt Général".

(ii) Nampiharina ny "Approche syndromique" mba ho fandraisana an-tànana ara-pahasalamana mivantana ary haingana ny olona mitondra ny soritr'aretina sy ireo olona nifandray taminy. Izany no natao dia nentina nisoroka mialoha teny ifotony ny valan'aretina. Ny fanafody sy ny **fandraisana** an-tànana rehetra dia nomena **maimaimpoana** ary niantsohan'ny Fitondram-panjakana manontolo ny fandaniana izany.

(iii) Noho ny finiaivan'ny fitondram-panjakana hanana tobi-pitiliana Malagasy dia natsangana ny "laboratoire" vaovao "LA2M" eny Androhibe mba ahafahana manao sy manafaingana ny asa fitiliana ny otrik'aretina.

(iv) Ny hopitaly sy ny tobim-pahasalamana rehetra teto amin'ny Nosy dia nametraka ho laharam-pahamehana ny fandraisana marary voan'ny "Covid-19"; kanefa noho ny fahateran'ireo toerana ireo dia nosokafana ny "Centre de Traitement de Covid-19" na ny CTC-19 manerana ny Faritra izay nahitana tranga mihoapampana mba handraisana an-tànana ireo marary: CTC "Village" Voara-Andohatapenaka, Mahamasina, Ivato, Ankorondrano, Soamandrakizay, Mandrimena-Andoharanofotsy, Vatofotsy-Antsirabe, Andrainjato-Fianarantsoa, Lafitsinanana-Fort Dauphin. Teto Antananarivo dia natao ihany koa ny fifampiraharaha tamin'ireo tompon'ny hotely, ka nahafahana nanokatra "Hôtels-Hôpitaux" maromaro, toy ny "Hôtels-Hôpitaux Tsangatsanga "Hôtel", "Live hotel"-Andavamamba, "Le Pavé"-Analakely, Anjary "Hôtel"-Tsaralalana, "Môtel de Tanà"-Anosy.

(v) Novatsiana fanafody sy fitaovana ireo hopitaly, tobim-pitsaboana, CTC-19 ary ny "Hôtels-Hôpitaux" rehetra manerana ny Nosy mba hiatrehana ny valan'aretina. Naparitaka avokoa ireo "Concentrateurs d'oxygène" miisa 2 400 ary niampy "bouteilles d'oxygène" miisa 2 000.

(vi) Nezahana naparitaka ny "Tambavy CVO" sy ny fanafody CVO+. Nampirisihina hatrany koa ireo mpikaroka Malagasy eto amintsika hamokatra fanafody mifandraika amin'ny ady amin'ny valan'aretina.

(vii) Nanomboka tamin'ny volana Aprily 2021 dia niditra tao anatin'ny "Tambazotra COVAX" miaraka amin'ny OMS sy ny "Tambazotra AVATT" izay arindran'ny Vondrona Afrikana i Madagasikara.

Tamin'ny faha-8 Mey 2021 dia tonga teto Madagasikara ny “doses”-na vaksiny “AZ Covishield” miisa 250 000. Efa miparitaka any amin'ny Faritra 22 ny vaksiny amin'izao fotoana izao. Mahatratra 62 662 no isan'ny olona efa vita vaksiny amintsika miteny izao.

Ankehitriny, nahitana vokatry nahasoa ny firenentsika izany ezaka rehetra izany. Omaly dia 52 no isan'ny tranga vaovao manerana ny Nosy, 5 no maty, 509 no isan'ny olona mbola tsaboina ary 52 no isan'ny olona sitrana.

Raha tamin'ny taona 2020-2021, toy izao ny tarehimarika azo avoitra:

- 41 742 (roa amby efapolo sy fitonjato sy arivo sy efatra alina) no trangana “Covid-19” voamarina.
- 41 112 (roa amby folo amby zato sy arivo sy efatra alina) no sitrana.
- 866 (enina amby enimpolo sy valonjato) no lavo nandritra izay fotoana izay.

Miondrika ampanajana manoloana ireo Malagasy sy ireo olona rehetra lavon'ity valan'aretina ity teto amintsika izahay. Manantitra ny teny fampiononana ho an'ireo fianakavian'ny maty rehetra ny fitondram-panjakana ary androany isika dia mahatsiaro manokana ireo Solombavambahoaka izay nandao antsika vokatry izany valan'aretina izany.

Eto isika dia mirary koa fahasitranana haingana sy feno ho an'ireo mbola ao anatin'ny fitsaboana tanteraka amin'izao fotoana izao ary mitondra am-bavaka ho azy ireo.

1.2. Eo amin'ny lafiny sosialy

Misandrahaka amin'ny ezaka mifototra amin'ny sosialim-bahoaka no natao mba hanalefahana ny fiantraikan'ny valan'aretina eo amin'ny fiainam-bahoaka:

- Voalohany, apetraka ny “Vatsy Tsinjo” izay fizarana sakafo entina anohanana ireo ankohonana iharan'ny fahasahiranana nateraky ny fepetra ara-pahasalamana izay noraisina, ho an'ny fianakaviana 430 898 (valo amby sivifolo sy valonjato sy telo alina sy efatra hetsy) tamin'ny Distrikan'Antananarivo-Avaradrano, Antananarivo Renivohitra, Antananarivo-Atsimondrano, Toamasina, Fianarantsoa, Amboasary-Atsimo, Taolagnaro, Ambovombe ary Ampanihy.

- Nisy ihany koa ny fitsinjarana vola tsy misy fepetra “Tosika fameno” tao anaty programan'asa ara-tsosialy izay nentina nanampiana tokantrano miisa 480 360 (enimpolo sy telonjato sy valo alina sy efatra hetsy) tamin'ny Distrika maromaro, toy ny eto Antananarivo Renivohitra, Antananarivo-Avaradrano, Antananarivo-Atsimondrano, Ambohidratrimo, Toamasina I, Toamasina II, Fianarantsoa, Lalangina, Tsiroanomandidy, Miarinarivo, Morondava, Antsirabe I, Antsirabe II, Nosy Be, Mahajanga, Betioky Atsimo, Ampanihy, Toliara II, Beloha, Tsihombe, Taolagnaro, Ambovombe-Androy, Bekily, Amboasary-Atsimo.

- Fanampiana vonjy maika “Ankohonana miatrika”. Tokantrano miisa 366 170 (fitopolo amby zato sy enina arivo sy enina alina sy telo hetsy) no misitraka vola 50 000 (dimy alina) Ariary mandritra ny 5 volana amin'ireo Distrika maro eto amintsika, toy ny any Betioky, Ampanihy, Toliara II, Beloha, Tsihombe, Taolagnaro, Ambovombe, Bekily, Amboasary-Atsimo.

- Fitsinjarana vola tsy misy fepetra amin'ny tanàn-dehibe, izay nahakasika tokantrano 160 000 (enina alina sy iray hetsy) any amin'ny Distrika miisa enina (6): Antananarivo Renivohitra, Antananarivo sy ny manodidina, Fianarantsoa I, Lalangina, Toamasina I, Toamasina II.

- Ao anatin'ny sehatry ny vola takalon'asa na "Asa Avotra Mirindra": fanarenana fotodrafitrasa mampiasa asa tàgnamaro; tokantrano miisa 55 000 any amin'ny Distrika enina (6): Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina, Fianarantsoa I, Lalangina, Toamasina I, Toamasina II.

- Fitsinjavana ireo mpianatra eny amin'ny Oniversite tsy afaka nody nandritra ny hamehana, ka nampisitrahana tohana ara-tsosialy sy ara-pahasalamana izy ireo.

Marihana fa nanome tànana amin'izao ady ataontsika izao ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola amintsika.

2. Ny lafiny Fitantanana

2.1. Mahakasika ny Andrimpanjakana

Zava-dehibe tokoa ho antsika ny famerenana ary ny fanamafisina orina ny mahafanjakana tan-dalàna eto amintsika. Araky ny voafaritry ny Lalàmpanorenana dia notanterahana ny fanavaozana ireto Andrimpanjakana ireto: Ny Antenimierandoholona sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Vita tamin'ny Zoma faha-11 Desambra 2020 ny fifidianana izay ho Loholona vaovao ary nanomboka tamin'ny Alakamisy faha-7 Janoary ny fotoam-mpiasan'ny Antenimierandoholona mandritra ny 5 (dimy) taona ho avy.

Tafatsangana ihany koa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka nandray ny asany ny mpikambana vaovao nanomboka ny Alakamisy faha-8 Aprily 2021 teo ary mandritra ny 7 (fito) taona.

2.2. Mikasika ny tontolon'ny fitsarana

Ao anatin'ny tanjona hametrahana fanjakana tan-dalàna dia vato fehizoro iray lehibe ny Fitsarana sy ny tontolony, izay ezahina hanakaiky kokoa hatrany ny vahoaka. Arak'izany, naverina ary arahi-maso akaiky dia akaiky ny fandraisana mpitsara vaovao ary hamafisina tanteraka ny ady atao amin'ny kolikoly, indrindra, eo anivon'ny Fitsarana.

Nohavaozina ny biraon'ny Filankevitry Ambonin'ny Mpitsara (CSM) ary napetraka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny faha-20 Desambra 2020 izany.

Fantatsika ihany koa, fa nohavaozina tamin'ny Alarobia faha-28 Aprily 2021 teo ny mpitantana eo anivon'ny Sampandraharaha Malagasy iadiana amin'ny Famotsiam-Bola (Samifin), araka ny notakian'ny lalàna mifehy azy.

Eo amin'ny tontolon'ny Fitsarana ihany, eo andalam-panatanterahana ny fananganana ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany (TPI) ao Antananarivo-Avaradrano, Sainte-Marie,

Ambilobe, Sambava, Besalampy ary Belo-sur-Tsiribihina isika. Ireo TPI ireo dia vinavinaina ho vita alohan'ny faran'ny taona.

Manarak'izany, miara-manaiky isika fa tery sy antitra ny fonja eto amintsika. Mitohy hatrany ny ezaka hanavaozana ary fananganana fotodrafitrasa vaovao mikasika ny fonja, toy ny asa fananganana trano famonjana any amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana, Amboasary-Atsimo, Belo-sur-Tsiribihina, Ambositra, Antananarivo-Avaradrano, Fianarantsoa I. Ny ao Sainte-Marie kosa, misy fahatarana kanefa tsy maintsy atao araky ny vinavina. Natsangana ihany koa ny fonjabe ho an'ireo gadra voaheloka mandrapahafatiny sy ireo nanao heloka goavana (criminels dangereux) any Arivonimamo, Toamasina I ary Ihosy.

Izany rehetra izany dia zava-poana ihany raha tsy misy ny fanatsarana ny fandraharahana ny fonja. Izany tokoa no nahatonga ny fandraisana ho mpianatra vaovao mpandraharahan'ny fonja mahatratra 500 (dimanjato) izay hanomboka ny taom-pianarana amin'ny volana Jolay ho avy izao.

Natolotra tamin'ny Janoary 2021 ho an'ny Fandraharahana ny fonjan'Antananarivo Renivohitra ny fiara "minibus" iray sy fiara mpitatitra voafonja (véhicule cellulaire) manarapenitra sy ny vanim-potoana. Nisitrika fiara 4x4 vaovao ny sampandraharahan-pitsarana amin'ireto Distrika ireto: Ankazoabo-Atsimo, Fianarantsoa ary Antananarivo.

Ny ezaka rehetra vita dia nahafahana nanatsara miandalana ny tontolon'ny fitsarana eto amintsika, ka izay no nahatonga, amin'izao fotoana izao, ny tahan'ny olona voafonja efa voatsara manakaiky any amin'ny 45% any.

2.3. Eo amin'ny fitsinjaram-pahefana, ny fampandraisana andraikitra ny vondrom-bahoakam-paritra ary ny asam-panjakana.

Vita ny famolavolana ny "Lettre de Politique de Décentralisation Emergente" (LPDE) niarahana tamin'ireo sehatra maro (Minisitery isan-tokony, Kaominina, Faritra, mpiaramiombon'antoka, fiarahamonim-pirenena, sns...) ary efa nahazo fankatoavana teo amin'ny Filankevitry ny Minisitry izany tamin'ny Alarobia faha-26 Mey 2021 teo sady efa tafapetraka eto anivon'ny Parlemanta koa io volavolan-dalàna io amin'izao fotoana izao. Atomboka ny volana Jolay ho avy izao ny famolavolana ny "Plan National de Décentralisation Emergente" izay hatao miaraka amin'ireo mpisehatra rehetra eny ifotony.

Fiovàna goavana natomboka tamin'ny taona 2020 ny famindrana ny fitantanana ny tsemanbaro-panjakana, toy ny fananganana sekoly sy tsena ary biraom-panjakana isan-karazany, ho an'ny Faritra. Ny fitaonana hanao tolo-bidy isan-karazany (Appels d'offre) dia andraikitra ny Faritra mba hahafahan'ireny orinasa madinika sy salantsalany any amin'ny Faritra ireny handray anjara.

Mbola notohizana koa ny fivoriam-dehibe isam-paritra momba ny tetibolam-panjakana mba ahafahana manome lanja ireo tena laharam-pahamehana sy ny filàna amin'ny fampandrosoana, mba ahazoana mamaritra mazava ireo tetibolan'ny Faritra. Hotohizana ny fandraisan'ny Faritra ny "Conférence budgétaire" ary ny Faritra Androy sy ny Faritra Anosy no handray izany fivoriana izany amin'ity herinandro ity.

Mikasika ireo Faritra 22, Governora miisa 21 (iraika amby roapolo) no efa voatendry hitantana ireo Faritra ireo. Tsy ho ela intsony ny fanendrena ny Governoran'ny Faritr'i Betsiboka.

Ankoatr'izany, famatsiam-bola hanatanterahana fotodrafitrasa (subvention d'investissement) mitentina 2 Miliara Ariary (roa arivo tapitrisa ariary) no nomena ny Faritra tsirairay. Fanampiana ara-bola ho **fampandehanan**-draharaha (subvention de fonctionnement) mitentina 210 Tapirisa Ariary (folo sy roanjato tapitrisa ariary) isan-taona no nomena ny Faritra tsirairay.

Nomena fanampiana ara-pitaovana ihany koa ny Faritra tsirairay, izay ahitana "bulldozer", "compacteur", "chargeur sur pneus", "nivelleuse" ary "camion arroseur". Izany fampitaovana izany dia mba ahafahan'ny Faritra tsirairay mamboatra ny lalana ao aminy, ka fanamby napetraka amin'izany ny hahavitana lalana mirefy 250km isan-taona.

Ankoatra ireo, isaky ny Distrika dia nomena famatsiam-bola tamin'ny alalan'ny "Crédit d'Investissement pour l'Appui au Développement" (CIAD), ka miankina amin'ny isan'ny Solombavambahoaka ao amin'ny Distrika no tetiny, izay 250 Tapirisa Ariary (dimampolo sy roanjato tapitrisa ariary) isaky ny Solombavambahoaka ary nampitomboina ho 500 Tapitrisa Ariary (dimanjato tapitrisa ariary) izany raha Solombavambahoaka anankiroa no misy ao amin'ny Distrika iray.

Mikasika ny Kaominina, mitohy hatrany ny fanampiana ara-bola sy ara-teknika ho azy ireo (1 695 no isany). Ny Kaominina tsirairay dia nomena fanampiana ara-bola:

- Fanampiana ho fampandehanan-draharaha (subvention de fonctionnement) mitentina 25 Tapitrisa Ariary (dimy amby roapolo tapitrisa ariary) raha 15 Tapirisa Ariary (dimy ambin'ny folo tapitrisa ariary) izany teo aloha;
- Hisy ihany koa ny tetibola fanampiny (subventions complémentaires) ho an'ireo Kaominina manana mponina mihoatra ny 5 000 (dimy arivo);
- Hotohizana ny famatsiam-bola hanatanterahana fotodrafitrasa (subventions d'investissement) izay tohanan'ny "Banque Mondiale" amin'ny alalan'ny Tetikasa PAPSP: 30 Tapirisa Ariary (telopolo tapitrisa Ariary) isaky ny Kaominina izany;
- Hotohizana ny fandoavana ny latsakemboky (cotisation) ny CNaPS tsy voaloha tany amin'ny Kaominina (arriérés de cotisations sociales).

Manamaivana ny vesatra ho an'ny ny tetibolan'ny Kaominina ny fandoavan'ny Fanjakana ireny latsakemboka tsy voaloha ireny ary koa mba ahafahan'ny mpiasan'ny Kaominina misitraka ny zony.

Ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka dia manampy ireo vondrombahoakamparitra amin'ny fanorenana fotodrafitrasa, toy ny sekoly, lalana, tsena ary famatsian-drano.

Mbola asa mitohy ny fananganana na fanavaozana ny fotodrafitrasa izay efa natomboka tamin'ny taona 2020:

- Biraon'ny Kaominina an-drenivohitra miaraka amin'ny toeram-pidiovana miisa 15 (dimy amby folo) ao Ambatolampy, Ambatomainty, Ambilobe, Amboasary, Ampanihy, Bekily, Ivohibe, Maevatanana, Mahabo, Mahanoro, Mampikony, Mananjary, Mandritsara, Midongy Atsimo ary Morombe.

- Biraon'ny Kaominina ambanivohitra miisa telopolo (30);
- Biraom-paritry ny BNGRC any Mahajanga sy Toamasina I;
- Biraom ho an'ny Distrika miisa sivy: Vohipeno, Mandritsara, Anjozorobe, Antanambao Manampotsy, Soavinandriana, Ankazobe, "Préfecture de Police d'Antananarivo";
- Trano fiasana sady toeram-ponenana ho an'ny "Préfets" sy ny Lehiben'ny Distrika miisa 12, any Ambatondrazaka, Ambositra, Antsirabe I, Antsiranana I, Fianarantsoa, Manakara, Mananjary, Morondava, Nosy Be, Sainte-Marie, Toliara II, Tsiroanomandidy.
- Tranompokonolona ao lakora;
- Tsenampanara-penitra ao Ampanefena, Vohémar.

Distrika miisa 9 (sivy) no efa nisitraka ny fanombohan'ny fanamboarana ny Fiadidiam-paritra misahana ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy dia ao Ambositra, Taolagnaro, Maevatanana, Miarinarivo, Fianarantsoa, Ambovombe, Manakara, Morondava ary Sambava. Ny asa dia kasaina ho vita amin'ity taona 2021 ity.

Mba hirosoana amin'ny fitondrana tsara tantana dia tsy maintsy apetraka ireo rindrandamina ireo. Tsy misy fampanandrosoana raha tsy milamina ny tany.

3. Filaminana sy Fandriampahalemana

Niarahantsika nahita ny ezaka rehetra efa notanterahana tamin'ny fanatsarana sy fanavaozana ireo rafi-pitantanana teo anivon'ny Tafika Malagasy, ny Zandarimariam-pirenena ary ny Polisim-pirenena. Tao anatin'izany ny fampitaovana, fananganana fotodrafitrasa vaovao sy toby ho an'ny Miaramila, Zandary ary polisy.

Nitohy hatrany izany asa rehetra izany na dia tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana aza ny firenentsika satria tanjona lehibe no napetraka dia ny famerenana ny fahefam-panjakana sy ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitandrofilaminana.

3.1. Tafika Malagasy

Niroso hatrany isika teo amin'ny fametrahana na ny fotodrafitrasa na ny rafi-pibaikoana mifanaraka amin'ny tetika novolavolaina iatrehana ny tsy fandriampahalemana sy ny fiarovana ny Firenena.

Tafajoro ny 11 Martsa 2020 ny Etamazaoro Iraisan'ny Tafika (Etat Major des Armées) sy ireo Etamazaoro ny Antoko Tafika 3 (telo) dia ireto avy: Etamazaoron'ny Tafika An-Tanety, Etamazaoron'ny Tafika An'Habakabaka, Etamazaoron'ny Tafika An-dRanomasina.

Napetraka nanomboka ny 9 Desambra 2020 ireo Faritra Fiarovana sy Fampanandriampahalemana 10 (folo) "Zone de Défense et de Sécurité" dia any: Ankarana, Ankarafantsika, Tsiribihina, Tsiarafajavona, Ikopa, Pangalana, Andringitra, Fiherenana, Matitanana ary Mandrare.

Efa voatendry avokoa ny Komandin'ireo ZDS ireo amin'izao fotoana izao.

Hapetraka ihany koa ireo Mpiadidy Miaramila isam-Paritra (Délégué Militaire Régional).

Ao anatin'ny fanitsiana ny rafitra dia natsangana ny «Premier Bataillon Parachutiste» tamin'ny 6 Janoary 2021 teo, izay nanolo ny «Premier Régiment des Forces d'Intervention (1^{er} RFI) teo aloha. Natsangana ihany koa ny «Deuxième Bataillon d'Infanterie de Marine» (2^{ème} BIMA) tamin'ny 6 Janoary 2021 ihany, tany Antsiranana izay nanolo ny «Deuxième Régiment des Forces d'Intervention» (2^{ème} RFI) teo aloha. Efa natsangana ny «Groupement des Forces Spéciales d'Intervention» (GFSI) tamin'ny 10 Febroary 2021. Efa natsangana tamin'ny 27 Janoary 2021 ihany koa ny «Base Aérienne 213» izay ivondronan'ny «Base Aéronavale d'Ivato» sy ny «Base Aérienne Tactique d'Arivonimamo».

Farany, notontosaina ny firaketana an-tsoratra sy fitsarana miaramila ireo zatovo lahy sy vavy 18 taona ka hatramin'ny 31 taona manerana ny nosy izay mizaka ny zom-pirenena Malagasy miisa 226 254 ary mitsinjara ho toy izao: lahy 111 106, vavy 115 148.

Nandray anjara feno tamin'ny famonjena ireo vahoaka traboina noho ny tondradrano ny fiandohan'ny taona 2020 ny Tafika Malagasy ka nampiasaina tamin'izany ny fitaovana rehetra, toy ny «hélicoptère», lakana sy fiara tsy mataho-dalana.

Teo amin'ny ady amin'ny asan-dahalo eny ambanivohitra dia omby miisa 4 222 (roa amby roapolo sy roanjato sy efatra arivo) no tafaverina tamin'ireo omby miisa 7 732 (roa amby telopolo sy fitonjato sy fito arivo) very ka niantsoana ny tafika; dahalo miisa 126 (enina amby roapolo amby zato) no tratra; basy miisa 114 (efatra amby folo amby zato) no notazonina miampy fahana (munitions) 139 (sivy amby telopolo amby zato).

Eo amin'ny fotodrafitrasa sy fampitaovana dia toy izao ireo ezaka natao:

- Faritra Ambanivohitra mitaky fandriampahalemana maika (Zones Rurales Prioritaires de Sécurité na ZRPS) miisa 4 (efatra), izay efa iarahantsika mahita ny vokatra ny asan'izy ireny.
- Toby miisa dimy no naorintsika ho an'ireo Beholafy Mpiaro Antomotra (Base Opérationnelle Avancée-BOA) any Tsaratanana, Iakora, Morafenobe, Ambatofinandrahana ary Ankilizato. Efa manomboka ny fitokanana ireo toby rehetra ireo isika ankehitriny.
- BOA miisa dimy hafa kosa no eo andalam-panorenana dia ny any Ankazoabo Atsimo, Miandrivazo, Isandra, Andriy Betroka ary Kandrehy.
- Andiany Mpiaro Manokana (Détachement Spécial de Sécurité-DSS) miisa efatra no efa vita tanteraka, ao Vondrozo, Amboasary-Atsimo, Befotaka ary Ambohimahasoa.
- Ezahana kosa ny hamitana ny DSS ao Mitsinjo, Soalala, Vangaindrano, Anjozorobe, Mandritsara ary ao Vohipeno.
- Fanamboarana Famaharana Fototra (Base réduite) ao Mananjary sy Farafangana.
- Hisy koa ny fampitaovana isan-karazany ho an'ny Tafika Malagasy sy ny fanatsarana ary fanarenana fotodrafitrasa maro manerana ny Nosy.

3.2. Zandarimariam-pirenena

Raha ny taona 2020 no resahana dia azo singanina manokana ireto vokatra ireto:

- Fandravana ny tambazotran'ireo andian-jiolahy mpanao fakana an-keriny sy ireo mpiray petsapetsa aminy izay nokarohina hatramin'ny ela ary koa ireo dahalo nampihorohoro tamin'ny faritra maro raha tsy hilaza afa-tsy ny tany Tsaratanana, Mahazoarivo Isandra, Anjozorobe.

- Nahitana fihenany 24% (efatra amby roapolo isan-jato) ny asan-jiolahy, 9% (sivy isan-jato) ny fandrohana mitam-piadiana sy fanakanan-dalana amin'ny faritra maro manerana ny Nosy.
- Taolam-paty maherin'ny 400Kg (efajato kilao) no sarona nandritra ny taona 2020 ary miisa 87 (fito amby valompolo) ny olona voasambotra.
- Maherin'ny 46 403Kg ny zava-mahadomelina tratra ankoatr'ireo fambolena nopotehina ary miisa 380 ny olona voasambotra.
- Nisy fihenany 21% ny tahan'ny trangan'ny halatr'omby tamin'ny taona 2020, raha nihena 55% ny isan'ny omby very ary niakatra 66%, ny taona 2020, kosa ny tahan'ny famerenana ireo omby.
- Basy tsy ara-dalàna 1 397 (fito amby sivifolo sy telonjato sy arivo) no azo nanerana ny faritra maro ka ny 106 (enina amby zato) tamin'ireo dia basy mahery vaika avokoa niaraka tamin'ny bala miisa 428 (valo amby roapolo sy efajato).

Eo amin'ny fotodrafitrasa sy fampitaovana dia izao no azo ambara:

- Vondro-Tobim-Paritra (Compagnie de Gendarmerie): voatsangana ny ao Ikalamavony sy Amboasary-Atsimo ary efa miasa ny ao lakora. Hatsangana amin'ity taona ity ny any Befandriana Avaratra sy Amparafaravola.
- Toby Fanatevenam-Panazarana Manokana (Centre Spécial d'Aguerrissement Opérationnel-CSAO): efa voatsangana ny any Malaimbandy-Mahabo, Beroroha, Beravina-Morafenobe, Ranotsara Atsimo, ary Imanombo-Ambovombe. Eo ampamaranana ny fotodrafitrasa CSAO roa dia any Andriamena-Tsaratana ary Andimaka-Manambolo Belo-sur-Tsiribihina. Efa amperin'asa ny ao Maromby Amboasary-Atsimo.
- Tobim-paritra na "Brigades" miisa fito no eo ampananganana amin'izao fotoana izao dia ireto avy izany: Mahazoarivo-Isandra, Marolinta-Beloha, Androka-Ampanihy, Tranomaro-Amboasary, Maroalimainty-Ambovombe, Ikopoky-Beloha, Talata Vohimena-Manandriana.
- Tafapetraka ny Tobim-paritra manara-maso ny ranomasina (Postes de surveillance nautique) roa, ao Tanjona-Mananara Avaratra sy Manantenina-Taolagnaro.
- Efa an-dalam-pahavitana ny Sakelika Manokana ny Lalana na BRS (Brigade Routière Spéciale) ao Kiangara-Ankazobe (RN-4), mameno ho efatra ireo eny anivon'ny Faritra, Fialantsatatra Voaro (Aire de repos sécurisée) ao Sahamamy-Brickaville (RN2), Ambalamanakana-Ambositra (RN7) ary Analakininina-Miandrivazo (RN34).
- Hatsangana toy izany koa ny Ivon-toeram-pirenena Fanazarana Manokana CNESGN (Centre National d'Entrainement Spécifique) ao Ambatolampy.
- Niampy koa ireo fitaovana nomena ny Zandarimariam-pirenena: (i) Lakana haingam-pandeha (vedette) miisa 3 (telo) no natolotra ho an'ireo "pelotons de surveillance côtière" any amin'ny Faritra SAVA, Analanjirofo ary Anosy, miisa (2). "Motos" miisa 47 no naporitaka manerana ny nosy.
- "Camion" miisa 8 (valo) no natolotra ho an'ny Zandarimaria ho fanatanterahana ny asa ary nentina nanampiana tamin'ny fitaonana rano tany amin'ny Faritra Atsimo ireo fitaovam-pitaterana ireo noho ny fisian'ny hain-tany niseho tany an-toerana.

3.3. Polisim-pirenena

Teo anivon'ny Polisim-pirenena dia ireto no singanina tamin'ny vokatra azo:

- Teo amin'ny asan-jiolahy, fikambanan-jiolahy miisa 93 (telo amby sivy folo) no rava. Tranga fakana an-keriny miisa 5 (dimy) no voavaky sy voarava.

- Teo amin’ny halatr’omby, raharaha miisa 132 (roa amby telopolo amby zato) no natrehina, ka tafaverina ny omby miisa 565 (dimy amby enimpolo sy dimanjato) tamin’ireo omby miisa 868 (valo amby enimpolo sy valonjato) very ary dahalo miisa 62 (roa amby enimpolo) no voasambotra.
- Basy azo miisa 79 (sivy amby fitopolo) ka ny 34 (efatra amby telopolo) naverin’ireo dahalo taloha tao Isandra ary ny 45 (dimy amby efapolo) tratan’ireo sampandraharahan’ny Polisim-pirenena miady amin’ny fiparitahan’ny fitaovam-piadiana.
- Raharaha halatra taolam-paty miisa 19 (sivy amby folo) no nohadihadiana tany Antalaha, Taolagnaro ary Betafo. Taolam-paty 44Kg (efatra amby efapolo kilao) no azo.
- Rongony 10 045kg (enina amby efapolo sy iray alina kilao), lasaka 26 (enina amby roapolo) ary fonosana 217 (fito ambifolo sy roanjato) no tratra.
- Bolabolan’andramena miisa 87 (fito amby valopolo) no tratra tao Amparafaravola.
- Volamena milanja 2,746Kg (roa faingo enina amby efapolo sy fitonjato kilao) no tratan’ny Polisy mpiandry sisin-tany tao Nosy Be.
- Raharaha mikasika ny fandikan-dalàna teo amin’ny haitao ara-kajy mirindra (cybercriminalité) miisa 128 (valo amby roapolo amby zato) no voavaha.

Ireo no vita hatreto sy ny vokatra azo; na izany aza dia mbola milofo ny mpitandrofilaminana hamerina hatrany ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana eto amintsika.

Eo amin’ny fotodrafitrasa sy fampitaovana dia izao no azo ambara:

- Efa vita tanteraka na eo ampamaranana ny asa fanorenana ny toeram-piasan’ireto Foibem-paritry ny Filaminam-bahoaka sy trano fonenana ho an’ny tompondrakitra amin’ireto Faritra ireto: Ihorombe, Sofia, Betsiboka, Bongolava, Vakinankaratra, Anosy, Vatovavy-Fitovinany.
- Biraon’ny Fitalevam-paritry ny Filaminam-bahoaka sy trano fonenana ho an’ny tomponandraikitra miisa folo no natomboka ao Ihosy, Maevatanana, Tsiroanomandidy, Antsirabe, Taolagnaro, Manakara, Ambositra, Antsohihy, Farafangana ary Fenoarivo Atsinanana. Efa miasa tanteraka ny enina ary mamarana asa ny efatra.
- Vita ary efa miasa ny Kaomisarian’ny Polisy vaovao 2 (roa) ao Ambohimahasoa sy Vondrozo.
- Mitohy ny fananganana Kaomisaria amin’ireto toerana ireto: Midongy-Atsimo, Befotaka-Atsimo, Beloha, Manja, Andramasina, Toliara II, Benenitra, Marolambo, Toamasina II, Kandrehy, Mahajanga II, Isandra, Ikalamavony.
- Atomboka amin’ity taona ity ny fananganana Kaomisaria amin’ireto Distrika ireto: Iakora, Vohibato, Fenoarivobe, Anivorano-Avaratra, Brickaville, Beroroha, Anjozorobe, Ifanadiana, Sainte-Marie, Lalangina, Manja, Bekily, Betroka, Antsirabe II, Ambato-Boeny, Tsihombe, Nosy Varika, Betafo, Betioky, Befandriana-Avaratra, Anosibe an’Ala, Antanambao Manampotsy, Mitsinjo, Ambohidratrimo.
- Nahazo tombony manokana ny Polisim-pirenena tamin’ny fahazoana ireo fiara tsy matahodalana miisa 34 sy “motos Gascar” miisa **100** ary “motos” hafa miisa 264.
- Hatsangana ny Foibem-Paritry ny Polisim-pirenena DRSP amin’ny Renivohi-paritra miisa 12 mbola tsy manana dia ao Ambovombe, Sambava, Morondava, Ambatondrazaka, Maintirano, Miaramivony, Antananarivo, Toamasina, Fianarantsoa, Toliara, Mahajanga ary Antsiranana.

Nazahoam-bokatra ireo ezaka izay notanterahan’ny mpisehatra rehetra teo amin’ny lafin’ny fandriampahalemana; anisan’ny fepetra ahafahana mamokatra anaty fitoniana izany.

4. Ny lafiny toekarena sy ny Fotodrafitrasam-pamokarana.

4.1. Eo amin'ny tontolon'ny toekarena.

Raha ny vinavina ara-toekarena amin'ity taona 2021 ity dia mbola hisy fiantraikany goavana amin'ny firenentsika ny valan'aretina izay mahazo eran-tany. Mbola ambany dia ambany ny tinady eo amin'ny tsena eran-tany ary tsy afaka mivelatra ny fandraharahana sy ny famatsiam-bola avy amin'ny sehatra tsy miankina noho ny fisian'ny fisalasalana (incertitude) maro samihafa.

Raha eto Madagasikara no resahana, noho ny fiverenan'ny valan'aretina fanindroany nanomboka tamin'ny volana Martsa tamin'ity taona ity dia nofaritana ho +4,3% amin'izao fotoana izao ny fiakaran'ny harin-karena faobe raha -5% (miiba) eo ho eo izy tamin'ny taon-dasa.

Ezahana ny hitazonana ho 6,2% ny sondro-bidim-piainana amin'ity taona 2021 ity. Ny fitanana ny volantsika Ariary ho marin-toerana dia fitsinjovana ny fanomezana aina indray ny toekarena eto amintsika na ny "relance économique".

Raha 9,8% ny tahan'ny famorian-ketra (pression fiscale) tamin'ny taon-dasa dia 11,4% no tanjona amin'ity taona 2021 ity.

Ny tsy fifandanjan'ny vola miditra sy ny vola mivoaka amin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny dia -6,5% amin'ity taona 2021 ity.

Ny politika ara-bola sy ara-pitantanam-bola amin'ity taona 2021 ity dia natao mba hifantoka amin'ny fitsinjovana ny fomba mahomby hampianana ny mpandraharaha ary ho an'ny tanora amin'ny fampiasam-bola eo amin'ny seha-pihariana marobe amin'ny alalan'ny tetikasa sy ny programan'asam-panjakana.

4.2. Eo amin'ny fanatsarana ny asam-pitantanam-bola

Vita tanteraka ny fananganana sy ny fampitaovana ny tranoben'ny "Hôtel des finances" ao Sambava. Eo ampananganana ny "Hôtels des finances" ao Antsiranana, Mahajanga, Fianarantsoa, Taolagnaro ary ao Toliara isika amin'izao fotoana izao.

Nohatsaraina ny toeram-piasan'ny «Direction Générale du Trésor» eto Antananarivo Renivohitra.

4.3. Eo amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany

Mikasika ny fehezan-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany dia mitohy hatrany ny dinika eo amin'ny fanjakana sy ireo mpisehatra rehetra amin'ny lafiny fihariana harena ankibon'ny tany eto amintsika.

Mba hiadiana amin'ny fanondranana an-**tsokosoko** ny harem-pirenena any ivelany, tsy ho ela dia hovatsiana fitaovana fitiliana volamena arifomba eny amin'ny seranam-piaramanidin'Antananarivo, Nosy Be ary Toamasina.

Tafatsangana na andalam-panamboarana ny biraom-panjakana momba ny harena ankibon'ny tany na ny "Bureau d'Administration Minière" (BAM) any Miandrivazo,

Tsiroanomandidy, Vohémar, Antsohihy ary Mananjary. Natao izany mba hahafahana mifehy tsara ny fitantanana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany. Hotohizana amin'ny Distrika 5 (dimy) ny fananganana BAM dia Nosy Be, Fenoarivo-Atsinanana, Ambositra, Ambovobe ary Maintirano.

Naorina any Antsirabe koa ny Trano lombonana (Atelier Communautaire) izay toerana ahafahana manodina vatosoa.

4.4. Eo amin'ny sehatry ny Fitaterana

Maro ny ezaka iatrehana ny fanamby hanarenana ny sehatry ny fitaterana noho ny fiantraikan'ny krizy ara-pahasalamana eto amintsika.

Mikasika ny fitaterana an-dalamby dia hatsaraina hatrany ny FCE (Fianarantsoa-Côte Est) izay nisitraka lohamasinina telo ary fanavaozana ireo fitaovana efa misy. Nisy ihany koa ny fanamboarana natao tamin'ny tobim-piantsonan'ny lamasinina, toy ny tao Fianarantsoa, Manapatrana, Mahabako, Tolongoina ary Fenomby. Ireo ezaka ireo dia nahafahana nampitohy tsy tapaka ny zotra Fianarantsoa-Manakara.

Amin'ity taona 2021 ity dia mbola hanatevina izany fampitaovana izany ny Fanjakana, amin'ny alalan'ny fividianana « wagons » ho an'ny FCE. Hotohizana ihany koa ny fanatsarana ny fiantsonana amin'ny zotran-dalamby FCE ao Sahambavy, Manakara, Fenomby, Sahasinàka ary Tolongoina.

Hirosoana ny fampiasana zotra an-dalamby hitaterana olona eto an-drenivohitra amin'ireto zotra roa (2) ireto:

- Faritra Atsimo (corridor sud) izay manomboka eo Soarano PK0, mihazo an'Isotry, Ampefiloha, Soanierana, Ankadimbahoaka, Androndrakely ary mifarana eny Amoronakona PK12 ary efa manotomboka ny asa mikasika izany.
- Faritra Avaratra (corridor nord): avy eny Alarobia mihazo an'Ankazomanga ary Soarano.

Eo amin'ny fitaterana an-tariby dia efa voafaritra ireo lalana andalovan'ity rafi-pitaterana ity. Efa niroso ny asa fanomanana rehetra, toy ny fanentanana sy fampahalalana ny tomponandraikitra sy ny mponina amin'ny toerana anaovana ny asa, ny fanadihadiana ara-tontolo iainana sy ireo toerana hipetrahan'ny andry hamaharany (pylônes) sy ny fiantsonana.

Ho an'ny fitaterana an-tanety dia efa vita ny ASSR (Aire de Stationnement, de Sécurité et de Repos) ao Ambalamanakana (RN7) sy ao Sahamamy (RN2). Efa eo an-dalam-pamitana ny ASSR dimy isika izao dia ny ao Ambalakinina-Miandrivazo (RN34), Lambokely (RN8), Andimaka (RN8), ao Andranovelona-Sakay (RN1) sy ao Kiangara (RN4).

Kasaina ihany koa ny fanamboarana ASSR 5 (dimy) hafa amin'ity taona ity amin'ny lalam-pirenena, toy ny ao Ranohira (RN7), Ambilobe (RN6), Ifanadiana (RN25), Irondro-Manakara (RN12), Andaingo (RN44).

Eo amin'ny fitaterana an-dranomasina sy andranomamy, vita ny asa fanadiovana sy fanavaozana ny «Canal des Pangalanes» avy any Toamasina ka hatrany Mananjary, izay mitondra fanampiana amin'ny fampivelarana ny seha-pihariana, toy ny lavanila, ny harena an-kibon'ny tany, ny fizahantany, ny fambolena, sns...

Hotohizana amin'ity taona 2021 ity ny fanatsarana ny fifamoivoizana amin'ny «Canal des Pangalanes», ka efa an-dalam-panatanterahana amin'izao fotoana izao ny ampahany Mananjary-Manakara.

Nisy ihany koa ireo fotodrafitrasa samihafa izay vita na eo an-dalam-pahavitana, toy ny fiantsonan'ny botry ao Soalala, ny fanarenana ny seranan-tsambo ao Maintirano, ny fanatsarana ny seranan-tsambo «Quai Orsini» ao Mahajanga, ny asa fanarenana ny seranan-tsambo ao Antalaha, ny fanorenana ny seranan-tsambo ao Mananara-Avaratra.

Ny amin'ity taona 2021 ity dia hatao ny asa fanarenana ny seranan-tsambo ao Analalava, Sainte-Marie ary ny ao Besalampy. Hovitaina amin'ity taona ity ny fandinihana ny fanitarana ny seranan-tsambo ao Toliara sy ny fiantsonana ao Soanierana-Ivongo ary ny “Port Ilôt Madame” ao Sainte-Marie.

Eo amin'ny fitaterana an'habakabaka dia singanina manokana ny fanaovana sonia fiarahamiasa amin'ny fitantanana seranam-piaramanidina madinika 8 (valo) dia ny ao Mananara-Avaratra, Antalaha, Vohémar, Morombe, Maintirano, Analalava, Manakara ary Antsirabe.

Nohatsaraina sy nosokafana ny seranam-piaramanidina ao Amborodia-Bekopaka ary ny ao Isalo-Ranohira.

Napetraka ny «tunnels désinfectants» amin'ny seranam-piaramanidina 6 (enina) eto amintsika dia: Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Toliara, Taolagnaro, Sainte-Marie.

4.5. Eo amin'ny sehatry ny fampivelarana ny indostria sy ny varotra.

Mitohy ny ezaka mba ho fiarovana ny mpanjifa, indrindra noho ny fisian'ny valan'aretina teo amin'ny famatsiana ny entana ilaina andavan'andro sy ny mikasika ny vidin'ireo entana ireo.

Nisesisesy ny fihaonana sy fiaraha-midinika tamin'ireo mpandraharaha matianina momba ny varotra sy ny fanafarana ireo entana ireo, ka nezahana ny niaro ny fahefa-mividin'ny mpanjifa miatrika ny fikorontanan'ny seha-pamokarana maneran-tany, raha ny vary, menaka, siramamy ary ny lafarinina manokana no resahana.

Mikasika ny lavanila, mitohy hatrany ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana amin'ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana amin'ity seha-pihariana ity. Heverina fa ho vita mialohan'ny faran'ity taona ity ny “Tranoben'ny Lavanila” izay efa natomboka ny fananganana azy ao Antalaha. Nohavaozina tamin'ny volana Mey lasa teo ny lalàna mifehy ny Filankevitra Nasionaly momba ny lavanila, mba hametrahana ny dinika eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, toy ny mpamokatra, ny mpanangom-bokatra ary ny mpanondrana lavanila amin'ny Faritra sivy mpamokatra izany eto amintsika.

Momba ny tetik'asa ODOF "One District, One Factory", efa vonona ankehitriny ireo pitsopitson'ny taratasy fandraharahana mikasika ny Distrika miisa 30, ka tsy ho ela dia hiroso amin'ny fametrahana izany isika mba hananganana orinasa mpanodina vokatra mifanaraka amin'ny zava-misy eny anivon'ny Distrika isanisany.

4.6. Eo amin'ny sehatry ny tontolo ambanivohitra

Ankoatra ireo asa maro efa vita tamin'ny taona 2019 dia maro koa ny ezaka natao mba hanatsarana ny tontolo ambanivohitra nandritra ny taona 2020 ka hatramin'izao.

Eo amin'ny sehatry ny fambolena manokana, velaran-tany voatondraka ho fanitarana maherin'ny 37 000Ha (fito arivo sy telo alina hektara) no vita tamin'ny taona 2020.

Ireto avy ny Faritra nahitana izany asa izany:

- Faritra Alaotra-Mangoro: Distrikan'Ambatondrazaka ao Ambohitromby, Distrikan'Amparafaravola ao Ambohimandroso, Imamba, Ivakaka ary PC23, Distrikan'Andilamena ao Vodivato.

- Faritra Amoron'i Mania: Distrikan'Ambatofinandrahana ao Ambodiriana, Ivary, Andohariana, Tsinjorano, Vohidahy, Belavenona, Ambararatasarotra, Antsosa sy Ambondromisotra; Distrikan'Ambositra ao Ilaka Afovoany, Andohariana sy Analalehibe; Distrikan'i Fandriana ao Tsarazaza.

- Faritra Analamanga: Distrikan'Ambohidratrimo ao Ambohimanjaka Andrefanitsarahoray, Ambohipihaonana, Ambohitrinilahy; Distrikan'Andramasina ao Amberobe, Antsiho sy Tankafatra; Distrikan'Anjozorobe ao Ampilanonana, Antsorindrana, Betsimizara, Mangamila sy Antatamokely; Distrika Antananarivo-Avaradrano ao Ambohidrazana sy Ampahimasina; Distrikan'Antananarivo-Atsimondrano ao Ambalavao; Distrikan'i Manjakandriana ao Andranonanjakana.

- Faritra Analanjirifo: Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana ao Androka, Saharamy, Amparihibe, Mahatsara, Ankidoba, Ambodirofia, Angorokobe, Marohelitra, Mandanitaoka, Ambodiaviavy, Masiakamalona, Vohilengo, Maroaomby, Ambodimanga II sy Manakambahiny; Distrikan'i Maroantsetra ao Ankofabe; Distrikan'i Vavatenina ao Iazafo, Ampasimazava, Maromitety, Kaloandapa, Sahanimanga, Maintimbato, Lanary, Mahatsara sy Verezambola.

- Faritra Androy: Distrikan'i Bekily ao Bekitro, Beraketa Menakompy sy Tsikolaky; Distrikan'Ambovombe ao Imanombo Finday.

- Faritra Anosy: Distrikan'Amboasary-Atsimo ao Tzivory, Maniry sy Tsimanangy; Distrikan'i Betroka ao Naninora Anteto.

- Faritra Atsimo-Andrefana: Distrikan'i Betioky-Atsimo ao Mangily sy Taheza; Distrikan'i Morombe ao Tanandava.

- Faritra Betsiboka: Distrikan'i Maevatanana ao Ambalanjanakomby Kariera.

- Faritra Boeny: Distrikan'i Mahajanga II ao Bealoy, Ankaboka, Marosakoa sy Antanamivony; Distrikan'i Soalala ao Antsakoamileka.

- Faritra Bongolava: Distrikan'i Tsiroanomandidy ao Andohanalamalotra.

- Faritra Diana: Distrikan'Ambanja ao Ampondrabe, Ankaraignabe sy Antsakoamanondro; Distrikan'Ambilobe ao Mahavavy; Distrikan'Antsiranana II ao Mahalina sy Tanamandriry.

- Faritra Ihorombe: Distrikan'Iakora ao Anarabe, Nosiarivo, Ranotsara Avaratra, Tsaravatsy Ivory; Distrikan'Ihosy ao Analalaliry, Andriabe, Andrera, Ambahibe; Distrika Ivohibe ao Ankazovinelona, Antokila, Ambatomalama sy Amboza.

- Faritra Itasy: Distrikan'Arivonimamo ao Tsarafara, Ambohitrakanga, Avarabary; Distrikan'i Miarinarivo ao Loholoko.
- Faritra Matsiatra Ambony: Distrikan'i Fianarantsoa ao Ankitsika, Anasana sy Ankaraoka; Distrikan'Isandra ao Andoharanomaintso; Distrikan'i Vohibato ao Ampahidranolava.
- Faritra Melaky: Distrikan'Antsalova ao Beboka sy Bekopaka; Distrikan'i Maintirano ao Demoka sy Marifilaly.
- Faritra Menabe: Distrikan'i Belo-sur-Tsiribihina ao Tsaraotàna; Distrikan'i Manja ao Ambararata sy Vondrove; Distrikan'i Morondava ao Dabara sy Bemanonga.
- Faritra Sava: Distrikan'Andapa ao Ambalafary, Kobahina, Ambodiala sy Andalamena; Distrikan'i Vohémar ao Belambo Ambony.
- Faritra Sofia: Distrikan'Antsohihy ao Anahidrano; Distrikan'i Bealalana ao Andranomafana sy Anjohibe.
- Faritra Vakinankaratra: Distrikan'Antsirabe II ao Andriampatsy; Distrikan'i Betafo ao Ambodiriana; Distrikan'i Faratsiho ao Vinaniony Atsimo sy Ambohijatovo.
- Faritra Vatovavy-Fitovinany: Distrikan'i Manakara ao Nofia; Distrikan'i Mananjary ao Marofototra.

Lakan-drano fanondrahana mirefy 2 161km (iraika amby enimpolo amby zato sy roa arivo kilometatra) no namboarina sy nohavaozina tamin'ny Faritra miisa 17 maneran'ny nosy.

Raha ny fiompiana kosa, samy nanaovana ezaka tamin'ny Distrika maro manerana ny nosy, ka ireto avy izy ireo:

- "Abattoir" manara-penitra iray ao Tsiroanomandidy, Faritra Bongolava no natsangana.
- Fiompiana omby fakana hena fitaratra telo no naorina tao Toamasina, Tsiroanomandidy sy Taolagnaro ary toerana fiompiana omby manara-penitra (fermes modernes et fermes franchisées) enina tao Antsirabe II sy Betafo.
- Omby mihoatra ny 2 400 (efajato sy roa arivo) no nametrahana marika voaaradia (puces géolocalisables) mba hiarovana andian'omby miisa eo amin'ny 250 000 (dimy alina sy roa hetsy) ao Bongolava sy Menabe.
- Omby miisa 1 000 (arivo) no nametrahana kavin'omby tsy azo angalarina (boucle d'identification infalsifiable) tao amin'ny Distrikan'i Taolagnaro, Bekily, Ambovombe, Tsihombe ary Morondava.
- Nametrahana fanotrehana akoho mandeha amin'ny herinaratra ary mahazaka atody 840 (efapolo sy valonjato) avy ireto Distrika ireto: Ambohidratrimo, Antsiranana, Tsiroanomandidy, Mahajanga, Toamasina I sy Toamasina II.
- Ondry aman'osy mihoatra ny 22 000 (roa arivo sy roa alina) no nozaraina tamin'ny taona 2020, ka nahitana ondry aman'osy fakana taranaka miisa 5 800 (valonjato sy dimy arivo) izay nozaraina tao amin'ireto Distrika ireto: Toliara I, Toliara II, Betioky, Ampanihy, Benenitra, Beroroha, Ankazoabo, Morombe, Sakaraha, Mahabo.
- Akoho fakana nofo sy manatody lava mihoatra ny 70 000 (fito alina) no nozaraina tamin'ny mpiompy tao amin'ny Distrikan'Ihosa, Sambava, Antalaha, Vohémar, Andapa ary Antsirabe I.

Raha teo amin'ny sehatry ny jono indray dia izao no azo ambara:

- Fanavaozana momba ny jono makamba an-tsisin-dranomasina mba ho tonga sehatra mitsinjo ny lovain-jafy sy mampidi-bola ha an'ny fanjakana.
- Fanokafana ny dinika mba hametrahana ny fifanarahana momba ny jono eo amin'i Madagasikara sy ny Vondrona Eoepena ho amin'ny efa-taona manaraka.

- Zanatrandro miisa 13 900 000 (sivy hetsy sy telo amby folo tapitrisa) no nozaraina tamin'ny mpiompy tamin'ny Faritra 12 (roa amby folo): Atsinanana, Atsimo-Andrefana, Betsiboka, Ihorombe, SAVA, Vakinankaratra, Matsiatra Ambony, Alaotra-Mangoro, Analanjirofo, Boeny, Bongolava ary Analamanga.
- Fahazoan-dalana amin'ny jono vaventy miisa 242 (roa amby efapolo sy roanjato) no nomena.
- Fitaovana miisa 1 800 (valonjato sy arivo) toy ny salotr'aina, harato, sambo madinika haingam-pandeha no nozaraina tao Lalangina, Ihosy, Vohibato, Isandra, Ikalamavony, Fianarantsoa, Ambalavao, Ambohimahasoa, Toliara II, Manakara, Taolagnaro, Farafangana, Vangaindrano, Maevatanana, Antsirabe, Betafo ary Belo-sur-Tsiribihina.

Ireto kosa ny asa atomboka na hotohizana amin'ity taona 2021 ity:

- Momba ny fambolena, fanarenana velaran-tany voatondraka mahatratra 50 665Ha no vinavinaina, miampy fanitarana 20 850Ha vaovao. Mirefy 374Km ny lakan-drano kasaina hamboarina na havaozina amin'ity taona ity.
- Fanarenana lalan-tany eny anivon'ny Kaominina maro mba ahafahana mampifandray ny toeram-pamokarana sy ny tsena, ka anisan'ny hisitraka izany ireto Distrika ireto: Brickaville, Mananara Avaratra, Sainte Marie, Vatomandry, Arivonimamo, Antsirabe I, Antsirabe II, Betafo, Fenoarivo-Atsinanana, Manjakandriana, Miarinarivo, Soavinandriana, Soanierana-Ivongo, Toamasina II, Vavatenina, Faratsiho ary Arivonimamo.
- Fametrahana any Maroantsetra sy Nosy Be ny rantsan'ny Foibe Fanaraha-maso ny jono (CSP) sy fampitaovana sambo mpanara-maso ny jono azy ireo.
- Fananganana sekoly ambaratonga faharoa momba ny fiompiana (lycée agricole) ao Miarinavaratra-Fandriana.
- Fametrahana fotodrafitrasa madinika momba ny jono izay ahitana ihany koa ny fampiasana herinaratra mahaleotena any Ambanja, Ambilobe ary Nosy Be
- Omby maherin'ny 58 000 (valo arivo sy dimy alina) no ezahana hasiana marika voaradia na “puces électroniques” ary maherin'ny 450 600 no hasiana kavina elektronika.

4.7. Eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana

Natao laharam-pahamehana ny fiarovana ny ala sy ny tontolo iainana ary ny fitantanana lovain-jafy sy ara-drariny ireo harena voajanahary, toy ny biby sy zava-maniry miavaka izay tsy misy afa-tsy eto amintsika. Efa napetraka ny rindran-tontolo iainana maitso, ka ny paikady voalohany nentina tamin'izany dia ny fambolena-kazo sy fampitomboana ireo velaran-tany voarakotra ala.

Napetraka ho tanjona tamin'ny taona 2020 ny hambolena ala amin'ny velaran-tany mirefy 76 168Ha; na dia teo aza ny fotoan-tsarotra nandritra ny fisedrana ny valan'aretina dia velaran-tany mirefy 59 639Ha (sivy amby telopolo sy eninjato sy sivy arivo sy dimy alina hektara) no voavoly hazo.

Araka ny paikady napetraka dia hanatanteraka fambolena-kazo moderna amin'ny velaran-tany midadasika isika amin'ny alalan'ny famafazana ambioka an'habakabaka. Hampiasa ireo teknolojia anisan'ny hiaka farany isika amin'ny alalan'ny “drones”.Efa voavidy ireo “drones” dimy; efa niroso tamin'ny fanofanana ireo teknisiana mpikirakira ny fitaovana ary efa nanatanteraka ny andrana voalohany izy ireo.

Hahita vokatra tsara isika satria hahazo tombony amin'ny lafiny fotoana, fomba fambolena ary amin'ny fanatratrarana ireo toerana saro-dalana sy mikisilasila.

Mbola ao anatin'ny vina «Madagasikara rakotr'ala» dia nohamafisina ny fametrahana toeram-pamokarana zanakazo (pépinière) manerana ny nosy. Ankehitriny dia ahitana toeram-pamokarana zanakazo miisa 1 700 (fitonjato sy arivo) ny Faritra 22 (roa amby roapolo).

Nataon'ny Fitondram-panjakana ho laharam-pahamehana ihany koa ny fanomezan-danja ny toekarena maitso sy ny toekarena mifampitsinjo (économie verte, économie circulaire). Izany indrindra no nanatanterahana tetikasa fitsinjarana sy fanodinana fako ho lasa angovo na akora hafa ilaina amin'ny fiainana andavan'andro, toy ny arina, zezika “compost”, mba hampihenana ny fandotoana tontolo iainana. Hisitraka izany ny Distrikan'Antananarivo Renivohitra, Antananarivo-Avaradrano, Toamasina I, Antsiranana I. Efa an-dalam-pananganana ireo fotodrafitrasa mifandraika amin'izany isika amin'izao fotoana izao.

Natao koa ny fanentanana sy fampianarana mikasika ny ady sy ny fiarovana amin'ny doro tanety sy ny doro ala (feu de brousse, feu de forêt) tamin'ny Faritra miisa 17 ary efa eo an-dalam-pandrindrana ny an'ireo Faritra ambiny ankehitriny.

Fikambanana maro mitolona sy miady amin'ny afo, doro tanety sy doro ala koa no nomena andraikitra sy novatsiana fanamiana ary fitaovana. Distrika dimy no hisitraka izany: Mahajanga II, Morondava, Vohémar, Morombe, Antananarivo Renivohitra.

Hotohizana any amin'ny Distrikan'Antananarivo-Atsimondrano koa ny tetikasa fanodinana fako hasolo arina.

Ho fanamafisana ny ezaka eo amin'ny lafiny tontolo iainana dia efa tafapetraka ny Ivontoeram-panofanana nasionaly ho an'ireo teknisianin'ny ala (Centre National de Formation des Techniciens Forestiers CNFTF) eny Angavokely-“Carion” izay mampihofana mpianatra ho mpiasan'ny ala. Efa nivoaka tamin'ny taona 2020 ny andiany voalohany miisa 25 (dimy amby roapolo) ary efa nahazo fanendrena ara-panjakana, ka naporitaka avy hatrany manerana ny Faritra.

4.8. Eo amin'ny lafiny asa vaventy sy ny fanajariana ny tany ary ny trano fonenana sy ny famoronana tanàna vaovao.

Teo anatrehan'ny fiantraikan'ny valan'aretina, tsy nahasakana ny fanatanterahana ireo fandaharan'asam-panjakana nampandraiketana azy ny fitondram-panjakana, ka toy izao ny vokatra azo aroso eo amin'ny sehatry ny asa vaventy:

– Lalana mirefy 14 300Km no voakasiky ny fikojakojana, fanarenana na fanorenana mba ho azo ampiasaina manerana ny Distrika rehetra eto Madagasikara, toa an'Antananarivo Renivohitra, Antananarivo-Atsimondrano, Antananarivo-Avaradrano, Ambohidratrimo, Toamasina II, Fenoarivo Atsinanana, Soanierana-Ivongo, Ambilobe, Ambatolampy, Antsirabe I, Antsirabe II, Ambositra, Ambohimahasoa, Fianarantsoa I, Fianarantsoa II, Ambalavao, Ihosy, Sakaraha, Toliara I, Toliara II, Manjakandriana, Moramanga, Brickaville, Taolagnaro, Amboasary, Ambovombe, Farafangana, Vangaindrano, Manakara, Ambatondrazaka,

Amparafaravola, Mitsinjo, Soalala, Befandriana, Tsiroanomandidy, Miarinarivo, Anjozorobe, Soavinandriana, Faratsiho, Ambilobe, Vohémar, Sambava, Maevatanana, Manja, Morombe, Miandrivazo, Mahabo, sy ny sisa.

- Mandroso ny fanarenana ny RN44 mampitohy an'i Marovoay Gara sy Vohidiala ary efa manakaiky ny 40% ny fandrosoan'ny asa.
- Vita ny tetezan'i Manaingazipo eo amin'ny RN3A mampitohy an'i Vohidiala sy Andilamena.
- Mandroso ny fanarenana ny RN5A mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar izay mirefy 159Km, ka efa mananika ny 44% ny asa vita.
- Mandroso ny fanamboarana ny RN9 mampitohy an'i Toliara-Analamisampy-Bevoay-Manja; rehefa vita tanteraka kosa ny mampitohy an'i Toliara sy Analamisampy dia hanomboka ny fanarenana an'i Analamisampy-Manja miaraka amin'ny fanorenana ny tetezana eo amin'ny Reniranon'i Mangoky (Bac Bevoay).
- Mitohy ny fanarenana ny RN12A ary efa miroso amin'ny fikarakarana ny tolotr'asa andiany faharoa miaraka amin'ny fanorenana ireo tetezana valo mampitohy an'iny lalana iny, izay mahasehaka Distrika telo dia i Farafangana, Vangaindrano ary Taolagnaro.
- Mitohy ary mandroso ny fanomanana ny tolotr'asa ho amin'ny fanarenana ny lalam-pirenena RN13 mampitohy an'Ambovombe sy Taolagnaro.
- Mitohy ary mandroso ny tolotr'asa fanarenana ny RN6 mampitohy an'Ambanja-Antsirana ary tsy ho ela intsony dia hanomboka ny asa fanamboarana.
- Manakaiky ny fahavitan'ny RN43 mampitohy an'i Sambaina sy Faratsiho ary mitohy ny fanarenana ireo ampahany efa misy fahasimbana amin'ny lalana mampitohy an'i Faratsiho-Soavinandriana-Analavory.
- Mandroso ny fanamboarana ny “Rocade-Est” ary efa manodidina ny 90% ny fahavitan'ny asa.
- Mandroso ny fanamboarana ny “Route des oeufs” eny Mahitsy.
- Tohizana ny fanarenana ny RN5 mampitohy an'i Toamasina-Foulpointe-Fenerivo Atsinanana-Soanierana Ivongo-Mananara-Marointsetra.
- Vita ireo lalana amin'ny renivohi-paritany rehetra ary singanina manokana amin'izany ireo lalana mivoaka ny tanànan'Antananarivo.
- Manomboka ny fanarenana ny RN12 mampitohy an'i Vohipeno sy Farafangana.
- Atao ny asa fanarenana lalana Hell-ville-Djamandzar any Nosy Be; ny RNT18 Vangaindrano-Midongy-Befotaka; ny RNT14A Ifanadiana-Ikongo-Vohipeno; ny RN13 Ihosy-Betroka-Ambovombe; ny RNT33B Andranofasika-Ambato-Boeny; ny RN23 Mahanoro-Marolambo; ny RNS1B Tsiroanomandidy-Maintirano.
- Hirosoana ny fanamboarana ny fefilohan'i Mahajilo ao Miandrivazo.

Eo amin'ny fanajariana ny tany, maro ny ezaka vita. Anisan'izany ny fanomezana “titres fonciers” miisa 6 476 (enina amby fitopolo sy efajato sy enina arivo) sy “certificats fonciers” miisa 36 164 (efatra amby enimpolo amby zato sy enina arivo sy telo alina) tamin'ny taona 2020.

Himasoana ny fampivoarana ny fanajariana ny tany eto amintsika amin'ity taona 2021 ity, ka asa fanorenana “guichets uniques” miisa 9 (sivy), toy ny ao Fianarantsoa, Andramasina, Vohémar, Mampikony, Manja, Ambohimahasoa, Andilamena, Toliara II, Mananara Avaratra. Hatao koa ny fanavaozana ny trano ho an'ny “Services fonciers” miisa 4 (efatra).

Natomboka ny fanorenana trano fonenana ho an'ny daholobe, ka ireto Distrika miisa 8 ireto no hisitraka izany: Fianarantsoa, Arivonimamo, Toamasina I, Antsiranana I, Mahajanga I, Antsirabe I, Morondava ary Nosy Be.

Efa vita ny fanamboarana trano fonenana miisa 30 (telopolo) ho an'ny daholobe ao Ambovohy Mahajanga I. Efa natomboka ireo fanorenana trano 640 (efapolo sy eninjato) izay mitsinjara "lots" valo ao amin'ireto Distrika ireto: Arivonimamo, Antsiranana I, Toamasina II, Nosy Be ary Morondava.

Natomboka ny fanorenana tranobe miisa 3 (telo) amin'ireto Distrika manaraka ireto: Antsiranana I, Toamasina II ary Fianarantsoa.

Efa natomboka ny fanorenana tranobe "R+4" miisa 9 (sivy), izay misy "appartements" 15 (dimy amby folo) eny Ivato, Distrikan'Ambohidratrimo izay miisa 36 (enina amby telopolo). Vita tanteraka ny "travaux de terrassement"-n'ny toerana hananganana tanàna vaovao izay mirefy 6Ha (enina hekitara) eny Ivato.

Vita tanteraka koa ny "travaux de terrassement"-n'ny toerana hanorenana tranobe "R+4" 29 (sivy amby roapolo) izay mirefy 8Ha (valo hekitara) eny Ivato.

Efa natomboka ary mitohy amin'ity taona ity ny fanadihadiana an'ireo toerana hananganana tanàna vaovao eto amin'ny nosintsika.

4.9. Eo amin'ny lafiny angovo

Singanina manokana ny fandraisana anjara amin'ny ady atao amin'ny "Covid-19", ka nanampiana ireny CTC-19 maro teto amin'ny nosy ireny.

Nanaovana ezaka koa ny fampitaovana "Groupes Electrogènes"-n'ny CHU, ny CHRR, ny CHD ary ny CSB tamin'ny Faritra Analamanga, Itasy ary Alaotra-Mangoro.

Ny fampitaovana "Centrale Photovoltaïque" 10KW ho an'ny CHR, CHRD, CHRR, CHU ho an'ny Faritra maro, toy Faritra Analamanga, Itasy, Matsiatra Ambony, Vatovavy Fitovinany, Atsimo-Atsinanana, Alaotra-Mangoro, Anosy, Androy, Ihorombe, DIANA ary Menabe.

Distrika miisa 99 (sivy amby sivifolo) no nisitraka ny fanazavana ny lalana an-tanàn-dehibe tamin'ny alalan'ny tetikasa "éclairage public". Jiro miisa 4 478 (valo amby fitopolo sy efajato sy efatra arivo) no voapetraka tamin'izany.

4.10. Eo amin'ny sehatry ny Paositra sy ny fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra

Nanao ezaka maro ny fitondram-panjakana tamin'ny fampiroboroboana sy fanatsarana ny tolotra ho an'ny vahoaka Malagasy. Nanombohana izany, ny fanavaozana tanteraka ny biraon'ny paositra etsy Antaninarenina izay sady foibe no paositra modely ho an'ireo hafa rehetra. Tsy mijanona eto Antananarivo anefa izany fanatsarana izany, fa natao manerana ny Distrika maro eto Madagasikara, toy ny any Antalaha, Antsiranana I, Mahajanga I, Fianarantsoa I, Toliara I. hitohy hatrany ireo mandritra ity taona 2021 ity mba ho fanatsarana ny tolotra ho an'ny mpanjifa.

Madagasikara mivoatra no tanjona. Ao ireo tetikasa “Smart village” izay fametrahana “connexion internet” amin’ny Distrika izay tsy mbola manana izany. Efa tafapetraka ny any Ambatondrazaka, Ambatofinandrahana, Fandriana, Amboasary-Atsimo, Ambovombe Androy, Taolagnaro, Ankazoabo, Farafangana, Vangaindrano, Ambato-Boeny, Tsiroanomandidy, Fenoarivobe, Manja, Mampikony, Port-Berge ary Antanifotsy.

Amin’izao fotoana izao, mbola 16%-n’ny mponina eto amitsika no manana fahafahana mampiasa ny “internet”. Mbola ambany izany raha amin’izao vanim-potoana iainatsika izao, satria lalana iray ahafahan’ny olom-pirenena mahazo sy manaraka ny vaovao misy eto antoerana sy any ivelany izany. Izay indrindra no nahatonga ny fitondram-panjakana nametraka sy manaparitaka ireny “Hotspot” ireny, mba ahafahana mahazo ny “connexion internet” maimaimpoana manerana an’i Madagasikara.

Natomboka tany Manakara izany tamin’ny volana Oktobra 2020. Dimampolo mahery amin’izao fotoana izao ireo toerana misy ny “Hotspot” manerana an’i Madagasikara ary maherin’ny 70 000 (fito alina) no mampiasa izany. Ankoatra ny eto amin’ny Faritra Analamanga, efa manana izany ihany koa ohatra ny any Fenoarivo Atsinanana, Ambatondrazaka, Ambatofinandrahana, Ihosy, Vohipeno, Ambositra, Ambilobe sy ireo Distrika maro hafa.

Mitohy hatrany ny fampiasana ny “e-Paiement” nandoavana ireo fanampiana isan-karazany, toy ny Tosika Fameno, Vatsin’ankohonana. Eo ihany koa ireo mandray “pension”, ny “caisse école”, ny vatsim-pianarana. Maro ny asa vita saingy mbola maro koa ny asa miandry raha ny fifandraisana sy ny fampivoarana ny haitao ara-kajy mirindra no resahana.

Anisany misongadina amin’ity taona ity ny fametrahana ny “Relais-poste” any Kandreho, Mandritsara, Sainte-Marie, Fort Dauphin, Antsohihy sy ny maro hafa. Eo ihany koa ny fanavaozana ireo biraon’ny Paositra ao Ihosy, Ambovombe, Antalaha, Antsiranana, Manakara, Fianarantsoa ary Fenoarivo Atsinanana.

Ny ezaka rehetra natao dia ho tombotsoan’ny vahoaka. Koa ankoatran’ny fihariana dia tsy natao latsa-danja ny lafiny sosialy.

5. Ny lafiny sosialy

5.1. Eo amin’ny sehatry ny fanabeazana sy fiofanana ho an’ny rehetra.

Eo amin’ny fanabeazam-pirenena dia politika ankapoben’ny fanjakana ny hanatsara hatrany ny kalitaon’ny fanabeazana eto amintsika.

Sekoly EPP manara-penitra miisa 30, CEG miisa 8 ary “Lycée” miisa 6 no nokasaina haorina tamin’ny taona 2019. Ny taona 2020 dia folo tamin’ireo EPP manara-penitra (Ambatondrazaka, Ambilobe, Betafo, Farafangana, Fenoarivo Atsinanana, Fianarantsoa, Ifanadiana, Mahajanga I, Toliara I, Ambositra) sy “Lycée” miisa 5 (Antsiranana I, Toamasina II, Toliara II, Vohipeno, Ambato-Boeny) no efa vita na an-dalam-pahavitana.

Sekoly EPP misy efitrano 2 no natsangana ary maro ireo Distrika no nisitraka izany, toy ny any Ambatolampy, Andramasina, Antananarivo-Atsimondrano, Antanifotsy, Antsirabe I, Antsirabe II, Betafo, Manjakandriana, Ambalavao, Ambanja, Ambatofinandrahana, Ambatondrazaka, Ambilobe, Amboasary-Atsimo, Ambohidratrimo, Ambohimahasoa,

Ambositra, Ambovombe Androy, Ampanihy, Amparafaravola, Analalava, Andilamena, Anjozorobe, Ankazobe, Anosibe An'Ala, Antalaha, Antananarivo-Atsimondrano, Antananarivo-Avaradrano, Antsiranana I, Antsiranana II, Antsohihy, Arivonimamo, Bealanana, Bekily, Beloha, Beroroha, Betroka, Port Bergé, Brickaville, Fandriana, Farafangana, Fenoarivobe, Fianarantsoa, Iakora, Ihosy, Ikalamavony, Ikongo, Isandra, Ivohibe, Lalangina, Maevatanana, Mahabo, Mampikony, Miandrivazo, Miarinarivo, Moramanga, Morombe, Morondava, Nosy Be, Sainte Marie, Soanierana-Ivongo, Taolagnaro, Toamasina II, Toliara I, Toliara, II, Tsaratanana, Tsihombe, Tsiroanomandidy, Vangaindrano, Vatomandry, Vavatenina, Vohémar, Vohibato, Vohipeno, Vondrozo, Manandriana, Mananjary, Mandoto, Mandritsara, Maroantsetra, Mahajanga I, Mahajanga II, Marovoay ary Ambato-Boeny.

Etsy andanin'izay kosa, ireo sekoly EPP ahitana efitrano 12 ka hatramin'ny 24 izay efa vita na an-dalam-pahavitana, toy ny ao: Ambatondrazaka, Ambilobe, Betafo, Farafangana, Fonoarivo-Atsinanana, Fianarantsoa, Ifanadiana, Mahajanga I, Toliara I, Ambositra, Antananarivo-Avaradrano, Antananarivo Renivohitra, Bealanana, Brickaville, Ihosy, Vohémar.

Ny sekoly Ambaratonga Faharoa indray, izay miisa 8 dia an-dalana avokoa ny asa amin'ireto Distrika manaraka ireto: Ambalavao, Antananarivo Renivohitra, Mahajanga I, Miarinarivo, Morondava.

Azontsika tarafina amin'izany ny ezaka atao hamerenana ny hasin'ny fanabeazana hatrany ary tsy latsa-danja koa ny fandraisana mpampianatra.

Eo amin'ny fampianarana ara-teknika sy ny fanofanana arak'asa dia ny fananganana ivontoerana fampiofanana arak'asa manara-penitra no tanjona apetraka.

«Centres de Formation Professionnelle de Référence» miisa 5 (dimy), misy efitrano 12 avy no efa vita ao Bealanana, Ihosy, Tsihombe, Vatomandry ary Betafo. Atao ihany koa ny famatsiana fitaovana ho an'ireo toeram-panofanana ireo mba ahafahan'ny mpianatra manatanteraka fampiharana.

Mitohy hatrany ny fandraisana mpampianatra sy mpiasa ho mpiasam-panjakana isan-taona.

Eo amin'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony, Oniversite maro no natsangana mba ahafahan'ireo mpianatra manohy ny fianarany any amin'ny Faritra ary mba ahafahana mitrandraka sampam-piofanana mifandraika amin'ny zava-misy sy filana ara-toekarena sy ara-piaraha-monina any an-toerana. Oniversite vaovao no an-dalam-panorenana amin'ireto Distrika ireto: Soavinandriana Itasy, Fenoarivo-Atsinanana (Analanjirifo), Antsirabe (Vakinankaratra), Antalaha (SAVA), Antsohihy (SOFIA), Morondava (Menabe), Maintirano (Melaky), Taolagnaro (Anosy).

Ankoatra ireo Oniversite atsangana ireo, eo koa ny tranon'ny mpianatra izay arenina na haorina mba hitsinjovana ny mpianatra avy lavitra, toy ny any Toliara, Antsiranana, Mahajanga, Antananarivo, Antsirabe, Soavinandriana, Morondava ary Fenoarivo-Atsinanana.

Ezaka manokana no atao amin'izao fotoana izao mba handraiketana ara-kajy mirindra ireo mpianatra sy ny mpandraharaha eny anivon'ny Oniversite manerana ny nosy.

Izany no natao dia mba ahafahana manamarina sy manadio ny isan'ireo mpianatra misitraka vatsim-pianarana sy ny mpandraharaha mandray karama.

5.2. Eo amin'ny sehatry ny fahasalamana

Zo fototra ho an'ny olombelona ny fahasalamana, ka natao vaindohan-draharaha hatrany. Arak'izany, tontosa ny asa fanorenana sy fanatsarana maro teo amin'ireo fotodrafitrasa arapahasalamana na dia teo aza izany ady goavana natrehan'ny firenena izany.

Efa an-dalam-panatanterahana avokoa ny asa fanamboarana sy ny fampitaovana ny «Centre Hospitalier de Référence du District» (CHRD) miisa 14 amin'ireto Distrika ireto: Anivorano Avaratra, Antsalova, Ambohimahaso, Analalava, Beloha, Mandritsara, Mampikony, Manandriana, Ankilizato Mahabo, Ivohibe, Iakora, Antanambao Manampotsy, Vohibato, Vondrozo.

Trano fonenana sy efitranon'ny mpitsabo miandry raharaha vaovao miisa 14 no efa eo an-dalam-panorenana eny anivon'ireo hopitaly manara-penitra vaovao.

Efa saika vita avokoa ireo CSBII miisa 10 (folo) natomboka tamin'ny taona 2019 dia ny ao Ambatomitsangana Soavinandriana, Sendrisoa Ambalavao, Ranohira Ihosy, Mahatsara Ambatondrazaka, Ambonivohitra Ambatondrazaka, Talatanangavo Ankazobe, Manjarivo Manakara, Motombositra Beloha, Antetizamintsina Andapa, Ankaratra Ambilobe.

Misy CSB II miisa 8 (valo) hafa koa vao naorina tamin'ny taona 2020 no efa vita na eo ampamaranana ny asa fanamboarana ankehitriny. Ireo asa fanorenana rehetra ireo dia notanterahina tao Ambodirano Vondrozo, Manja, Sampoina Amboasary-Atsimo, Maroalopoty Ambovombe, Antselibe Bekily, Marovato Tsihombe, Beahitsy Ampanihy. Ny CSB II ao Bekodoka Besalampy kosa nandalo fahasahiranana ny asa fananganana. Efa mizotra amin'ny fanohizana ny asa isika ankehitriny.

CSB II miisa 18 ihany koa no novatsiana fitaovam-pitsaboana ary fitaovam-pandrindrana asa. Ankehitriny, ireo fitaovana ireo dia efa tonga eny anivon'ny Distrika momba ny Fahasalaman-bahoaka (SDSP) tsirairay avy (Itasy 1, Matsiatra Ambony 1, Ihorombe 1, Alaotra-Mangoro 2, Analamanga 1, Vatovavy Fitovinany 1, Androy 4, SAVA 1, DIANA 1, Atsimo-Atsinanana 1, Melaky 1, Menabe 1, Anosy 1, Atsimo-Andrefana 1).

Trano fonenana sy efitranon'ny mpitsabo miandry raharaha vaovao any amin'ny Faritra miisa 14 no naorina eny anivon'ny CSB II sy CSB I miisa 19 ka ny 11 amin'ireo dia efa vita tanteraka ary ny ambiny kosa saika eo an-dalam-pahavitana. Nisitraka izany fanorenana trano izany ny CSB II ao Maintirano, CSB II Ambatomitsangana, CSB II Sendrisoa, CSB II Ranohira, CSB II Mahatsara Ilafy, CSB II Ambonivohitra, CSB II Talatanangavo, CSB II Manjarivo, CSB II Antselibe, CSB II Antetazanitsina, CSB II Ankaratra, CSB II Ambodirano, CSB II Bekodoka, CSB II Manja, CSB II Sampoina, CSB II Maroalopoty, CSB II Motombositse, CSB II Marovato, CSB II Beahitse.

CSB II miisa 18 no nametrahana "panneaux solaires" mba hamatsy herinaratra azy ireo ary ao anatin'ireto Faritra ireto: Itasy 1, Matsiatra Ambony 1, Ihorombe 1, Alaotra Mangoro 2,

Analamanga 1, Vatovavy Fitovinany 1, Androy 4, SAVA 1, DIANA 1, Atsimo-Atsinanana 1, Melaky 1, Menabe 1, Anosy 1, Atsimo-Andrefana 1.

Mikasika ny Foibe Famindrana Voa (Centre de transplantation rénale) etsy amin'ny CHU Andohatapenaka dia efa mandeha ny asa fanorenana.

Efa mandeha ihany koa ankehitriny ny asa fanorenana toeram-pitsaboana amin-ny rano mafana (Centre thermal) any Betsiaka, Ambilobe.

5.3. Eo amin'ny sehatry ny rano

Distrika maro manerana ny nosy no mijaly rano nandritry ny fotoana ela satria tsy ampy ny fampitaovana maharitra ho amin'izany kanefa ny isan'ny mponina sy ny tanàn-dehibe dia tsy mitsahatra mitombo hatrany.

Nanomboka ny taona 2019 dia nanapakevitra ny fitondram-panjakana, fa hanao fotodrafitrasa hamatsiana rano fisotro madio ny Distrika rehetra amin'ny alalan'ny asa fanorenana vaovao na fanitarana ny efa misy.

Mihoatran'ny 40 (efapolo) ny Distrika no nanombohana ny asa hatramin'izao, ka ireto avy izany: Ambanja, Antalaha, Vohémar, Antsiranana, Antsohihy, Mandritsara, Mampikony, Soalala, Ambato Boeny, Marovoay, Antananarivo, Ankazobe, Manjakandriana, Ambatondrazaka, Mananara Avaratra, Fenoarivo Atsinanana, Vatomandry, Antsirabe, Mandoto, Antanifotsy, Soavinandriana, Miarinarivo, Tsiroanomandidy, Maintirano, Morafenobe, Belo-sur-Tsiribihina, Miandrivazo, Mahabo, Morondava, Mananjary, Ifanadiana, Farafangana, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, Ambalavao, Ihosy, Ambovombe, Beloha, Betroka, Ampanihy, Ankazoabo.

Hanomboka tsy ho ela ny ao Kandreho, Manja, Taolagnaro, Bekily, Ivohibe ary Iakora.

Mifanindran-dalana amin'izay koa ny fampidirana rano fisotro madio amin'ny Renivohitry ny Kaominina maromaro hanatrarana ny fahazahoan'ny 60%-n'ny mponina rano fisotro madio amin'ny taona 2023.

Mikasika an'Antananarivo manokana, 300 000m³ isan'andro no filàna ara-drano ary mamokatra 200 000m³ isan'andro. Misedra tsy fahampian-drano isan'andro eo amin'ny 100 000m³ eo izany ny vahoakan'Antananarivo.

Ireto no vahaolana naroso:

- fanamboarana fotodrafitrasa mamokatra 40 000m³ isan'andro ao Mandroseza mba ahafahan'ny vahoaka misitraka rano na amin'ny fotoanan'ny main-tany aza.
- fametrahana «forage» miisa 10 (folo) "à gros débit" 2 400m³ isan'andro izay manome hatramin'ny 24 000m³ isan'andro
- fanamboarana paompin-drano 46 (enina amby efapolo) avy amin'ny «forage» madinika, izay hita eny amin'ny Fokontany saro-drano.
- fanatsarana ny fantsona sy fampitomboana ny rano hovokarina ka hahasahana ny tsy fahampian-drano miaraka amin'ny tetikasa «Tana Water III».

5.4. Eo amin'ny sehatry ny fampivoarana ny Tanora

Araka ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ny fananganana fotodrafitrasa ara-panatanjahantena izay manaja ny fenitra iraisam-pirenena dia efa nanomboka any amin'ny Faritra maro manerana ny nosy.

Misy amin'ireo fotodrafitrasa ireo no efa vita ankehitriny ary maro no mbola eo an-dalam-panamboarana, toy ny:

- Kianja Barea eo Mahamasina
- Kianja manara-penitra ao Barikadimy Toamasina
- Kianja mitafo manara-penitra mahazaka mpijery roa arivo ao Sambava
- Kianja mitafo manara-penitra mahazaka mpijery arivo, miisa 15 (15 gymnases de 1 000 places) ao Antalaha, Antsohihy, Mandritsara, Maintirano, Mahanoro, Fenoarivo Atsinanana, Betafo, Ihosy, Ikongo, Manakara, Farafangana, Sakaraha, Ampanihy, Ambovombe ary Taolagnaro
- Kianja mitafo manara-penitra mahazaka mpijery efatra arivo, miisa telo (3 gymnases de 4 000 places) ao Toamasina I, Mahajanga I ary Toliara I.
- Dobo filomanosana Olempika, miisa roa any Mahajanga sy Toliara ary mahazaka mpijery arivo isa (1 000 places)
- Kianja manara-penitra miisa telopolo (30)
- Tranon'ny tanora izay efa vita ao Vatomandry ary misy eo an-dalam-pahavitana ny ao Lalangina sy mbola hatomboka ny ao Sakaramy sy Manjakandriana
- Ivon-toerana ho an'ny tanora sy ara-panatanjahantena izay haorina tsy ho ela ao Mahazoarivo Isandra sy Ankazoabo Atsimo.

Ireo fotodrafitrasa ireo no natao dia ho fitsinjovana sy ho fampiroboroboana ny tanora sy ireo mpikatroka fanatanjahantena any amin'ny Faritra rehetra eto amin'ny Nosy mba ahafahan'izy ireo ihany koa handray lalao goavana sy lalao iraisam-pirenena ary indrindra ho fanatanterahana ny Veliranon'ny Filohampirenena mba hanandratana avo ny fanatanjahantena malagasy ho fampison-drotana ny voninahi-pirenena.

5.5. Eo amin'ny sehatry ny serasera sy kolotsaina

Eo amin'ny sehatry ny serasera sy kolotsaina, anisan'ny zo fototry ny olom-pirenena ny mahazo vaovao, indrindra mikasika ny fiainam-pirenena araka ny voafaritry ny Lalàmpanorenana Malagasy.

Distrika maro no tsy afaka nisitraka izany noho ny faharatsian'ny fotodrafitrasa. Noho izany, nohavaozina ny "émetteurs TV" sy "radio" miisa 74 amin'ny Distrika sy tanàna miisa 54 (efatra amby dimampolo), toy ny any Antsalova, Antsirabe, Foulpointe, Marovoay, Miarinarivo, Nosy Be, Beroroha, Besalampy, Betafo, Nosy Varika, Belo sur Tsiribihina, Vangaindrano, Vohipeno, Maintirano, Mitsinjo, Tsiroanomandidy, Iakora, Ampanihy, Ikalamavony, Sainte-Marie, Ambohimahasoana, Marolambo, Ambatomainty, Ambatofinandrahana, Mananjary, Anosibe An'Ala, Ambatondrazaka, Andilamena, Port-Bergé, Soalala, Ivohibe, Manja, Ikongo, Taolagnaro, Ambovombe, Ihosy, Ambositra, Ifanadiana, Miandrivazo, Mahabo, Antanifotsy, Benenitra, Bezaha, Betroka, Ambanja, Fianarantsoa, Soanierana-Ivongo, Amboasary, Vatomandry, Anivorano Avaratra, Fenoarivo Atsinanana, Ambatoboeny, Manakara.

Ny fampivoarana ny kolotsaina eto Madagasikara dia nifototra tamin'ny fanavaozana ireo toerana manan-tantara eto amintsika. Araka ny hitantsika, narenina ny Rovani Manjakamiadana, Rovani Ilafy, Rovani Tsinjoarivo, Rovani Ambohimanga, Rovani Antongona, Rova any Ambositra, Lapan'ny Mpanjaka Tetembola Saint-Augustin, "Palais Royal Farafangana", "Palais Royal Andavakotoko" any Nosy Be, "Palais du Roi Andriamanalina" any Isandra, "Palais du Roi Ramaharo" Vohimasina-Lalangina, "Palais du Roi Raindratsara" any Lalangina, "Palais Tranovola" Vohipeno, "Entree du Rova Ambohimanga", "Place Bien Aimée" Toamasina I, Manda Foulpointe, "Tombeau Ampasamanatongotra" Miarinarivo, Mozea ao Moramanga, fasan-dRainiharo, "Tribunal" Ambatondrafandrana, Mozea Vavitiana Ampasimazava, Mozea Rainilaiarivony, Mozea Moramanga, Mozea Masianaka Vangaindrano, Lapan'Andafiavaratra.

Mbola eo ny fanatsarana ny Trano Lefona Ambovombe, ny Zomba Bezavo Mitsinjo, ny Zomba an'Andriamisara efa-dy Ankilivao ary ny tranon'ny kolotsaina Analakely.

Mbola maro ireo an-dalam-panatanterahana izay ilana ezaka avy amin'ny fahefana Mpanatanteraka. Ankoatra ireo efa eo an-dalam-panatanterahana, vinavinaina ho vita amin'ity taona ity ihany koa ny trano fihaonan'ny mpanao gazety izay hatao hivoriana sy ivon-toerana fanofanana azy ireo (Maison de la Presse). Hisy ihany koa ny fananganana ivon-toerana "Tosik'Art" ao Maevatanana, Antsirabe, Tsiroanomandidy, Mananjary, Miarinarivo, Ihosy, Sambava, Ambovombe ary Taolagnaro hampivoarana ny tanora eo amin'ny lafiny kolotsaina.

Hanomboka amin'ity taona ity koa ny asa fanarenana an'ireo Trano Mahitsielafanjaka, ny Lapa Manampisoa ary ny Lapa Tranovola ao amin'ny Rovani **Manjakamiadana**. Tanjona ny hanatrarana ny vinan'ny Filohampirenena hametraka tantara ho tombotsoan'ny taranaka.

5.6. Eo amin'ny sehatry ny fiahiana ny mponina

Toy izao ny ezaka efa natao hatramin'ny taona 2020:

- Fanokafana ny toeram-pisakafoanana "Kaly Tsinjo" ho an'ny marefo ara-pivelomana tamin'ny Distrika miisa 12 (roa amby folo) Antananarivo Renivohitra, Ambovombe, Tsihombe, Beloha, Bekily, Amboasary, Betroka, Ampanihy, Toliara, Fenoarivo Atsinanana, Toamasina I, Fianarantsoa I.

- Fananganana biraom-panjakana hanatsarana ny asan'ny Minisitery misahana ny Mponina miisa (17) fito amby folo tany amin'ireto Distrika ireto: Andilamena, Vohibato, Isandra, Ikongo, Mampikony, Ihosy, Antsiranana II, Mahajanga II, Besalampy, Benenitra, Manandriana, Fenoarivobe, Mandoto, Andapa, Soavinandriana, Befotaka, Vondrozo.

- Fananganana ivon-toerana fikarakarana ny zokiolona eto Antananarivo, Antsiranana, Mahajanga, Antsirabe, Fianarantsoa sy Toliara.

- Fananganana ivon-toerana miisa 5 no kasaina mikasika ireo niharan'ny herisetra mifototra amin'ny mahalaky sy ny mahavavy any Farafangana, Mahajanga I, Ambovombe, Ihosy ary Antananarivo.

- Fananganana ivon-toerana miisa 3 (telo) fihainoana sy fanoloran-kevitra araky ny lalàna any Beloha, Amboasary-Atsimo sy Miarinarivo.
- Fananganana ivon-toerana fandraisana an-tànana sy fanofanana ireo olona manana fahasembanana miisa 4 (efatra) any Manakara, Toamasina I, Moramanga sy Morondava.
- Fananganana ivon-toerana fandraisana vonjimaika ny ankizy tsy misy mpiahy any Nosy Be.
- Fanohanana indrindra ny tanora vavy sy lahy amin’ny asa fanatsarana ny fari-mpiainany. Izany dia tanterahana amin’ny fanomezana fitaovana fanjairana, fambolena sy fiompiana, asa tànana sns. Distrika miisa 80 no nisitraka izany tamin’ny taona 2020.
- Fanampiana ireo tratry ny tsy fanjarian-tsakafo any Amboasary, Ambovombe, Beloha, Tsihombe, Betroka, Bekily, Ampanihy, Antananarivo I, Toamasina I, Fianarantsoa, Toliara ary Fenoarivo Atsinanana.
- Fandaharan’asa famindram-bola ho an’ny fampandrosoana ny olombelona any amin’ny Distrika 13 (telo amby folo): Faratsiho, Betafo, Ambohimahasoana, Vohipeno, Toamasina II, Mahanoro, Betioky, Toliary II, Amboasary, Ambovombe, Tsihombe, Beloha, Bekily.
- Fandaharan’asa ara-tsosialy mamokatra (FSP) izay manampy tokantrano any amin’ny Distrikan’i Arivonimamo, Manandriana, Vangaindrano, Isandra.
- Ao anatin’ny sehatra Vola Takalon’Asa, fanarenana fotodrafitrasa voan’ny voina tao amin’ny Distrikan’i Vatomandry, Manakara, Isandra, Ankazoabo Atsimo, Antananarivo Renivohitra no notanterahana.

Izay raha fehezina ny fotoana nolalovantsika sy ny fanatanterahana ny vinavinan’asa tamin’ny taona 2020 ka hatramin’izao.

Nanampy tamin’ny lafiny fifandraisana tamin’ny any ivelany ny diplomasia Malagasy, indrindra indrindra nandritra ny fotoana niatrehantsika ny valan’aretina. Nanamora ihany koa ny fifampiresahana tamin’ny masoivohon’ny firenena avy any ivelany izy.

Alohan’ny hamaranana ny famelabelarana; misaotra anareo manokana aho sy ny Governemanta manontolo tamin’ny fanomezan-tànana ary tsy nisalasala ianareo nirotsaka an-tsehatra nanampy tamin’ireo asa sy ireo hetsika rehetra ireo.

Nibahana tamin’ny fiainam-pirenentsika sy izao tontolo izao ny valan’aretina “Covid-19”. Toy izany ihany koa, ny vokatry ny tsy fanjarian-tsakafo any Atsimo, kanefa ireny no ezaka natao ary mbola hotohizana; na teo aza ny krizy isan-karazany izay nitondra hisatra, ahiahy sy tebiteby teto amintsika dia tsy nojerim-potsiny ny fiainam-pirenena amin’ny ankapobeny. Notohizantsika araka izay fahafahana manao izany ireo tetikasa rehetra voasoritra tao amin’ireo Velirano 13 nentin’ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA.

Heno sy hitanareo teo izy ireny, hitanareo any amin’ny toerana nahavoafidy anareo ihany koa; hitan’ny vahoaka ihany koa.

Ekenay, fa tsy misy ny fanaperana, fa azontsika atao ny mandrefy ny ezaka hitondrana vahaolana, hanarenana ny vokatry ny fahatarana maro teto amin'ny firenena. Manana finiaavana isika hanova ny tantaran'ity firenena iombonana ity.

Mbola eo am-panohizana izany rehetra izany ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao ary manamafy ny ezaka hanatrarana ireo tanjona voasoritra sy efa nambara hatrizay, nanomboka ny taona 2019 tao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny tatitry ny fandaharasan'ny Governemanta izay tarihany, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Talohan'ny nandraisan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fitenenana dia nitodika tamin'ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, satria samy nihaino ny rehetra teo, fa nihoatra ny 30 minitra ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra. Rariny loatra, hoy izy, satria nijery ny Minisitery rehetra teo ambany fitantanany izy. Samy nangilantsofina koa ny rehetra ary azo ampitaina any amin'ny Lehiben'ny Vondrona Parlemantera, ny Filohan'ny Vaomiera raha misy fanamarihana tiany atao mikasika ny Distrika nahalany ny Solombavambahoaka tsirairay avy.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fitenenana hanaovany ny tatitry ny asa vitany mandritra ny 30 minitra.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard; Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola kosa raha nandray fitenenana; fisaorana an-dRamatoa Filoha, no nanombohany izany. Fiarahabana ny Solombavambahoaka rehetra tany amin'ny Distrika misy azy tsirairay avy, **fiarahabana** ny Minisitry namany, indrindra Andriamatoa Praiminisitra, amin'izao fifanatrehana amin'ny Solombavambahoaka izao.

Nanamafy ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta izay azo lazaina fa feno tokoa ny tenany. Isaorana manokana azy izany, hoy izy, satria azo tenenina fa efa vita ihany ny tatitra amin'ny ankapobeny izay ahatsapana fa miasa izao Governemanta izao.

Maro ny teny heno etsy sy eroa anesoana sy ilazana momba ny asa nataon'ny Governemanta. Araka ny tatitra nentin'Andriamatoa Praiminisitra teo, hita fa miasa isika, miara-miasa isika ary hanohy hatrany ny asa sy ny ezaka rehetra tokony hatao mba hahalavorary ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, indrindra koa mba hahatrarana ny velirano nataon'ny Filohampirenena teo anatrehan'ny vahoaka.

Azo lazaina fa manova tanteraka ny fanaovana politika amin'ny ankapobeny izao fomba fiasa izao, indrindra koa, manome vahana ny demokrasia mivantana satria amin'ny alalan'ny fahitalavitra sy ny tambazotra samihafa no anaovana ny fihonana.

Tsara ny manamarika izany satria ny fitondram-panjakana teo aloha, tsy nanao izany, fa isika ankehitriny kosa, manohy ny fangaraharana sy ny "bonne gouvernance" izay fenitra tsy maintsy arahin'ny Governemanta rehetra mandala ny demokrasia manerana izao tontolo izao.

Tatitra amin'ny lafiny ara-bola no hatao satria izay no andraikitra napetraky ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra aminay.

Andriamatoa Praiminisitra dia efa nanamafy tamin'ny tatitra nataony teo tamin'ny lafiny ara-toekarena sy ny “cadrage” tamin'ny taona 2020 sy tamin'ny fiandohan'ity taona 2021 ity.

Hofintinina ao amin'ny teboka telo na efa ny tatitra hatao aminareo.

Voalohany, mikasika ny zava-bita tamin'ny lafiny fitantanam-bola. Faharoa, tsara homarihana, ny fotoana nodiavintsika tamin'ny taona 2020, ny fanaraha-maso ny fampiharana ny didy aman-dalàna sy izay mety ho fanatsarana nentin'ity Governemanta ity. Farany, misy tsindrim-peo hoentina amin'ny fanatanterahana ny politika amin'ny fanatsarana ny ara-tsosialy.

Ny Minisiteran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola dia natao hitsinjo ny lafiny ara-bola. Izany hoe mijery ny eo anivon'ny Minisitera isika. Ampy ve ny vola entintsika iasana, ampy ve ny tetibola mifanandrify amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, ampy ve ny tetibola enti-miasa amin'ny taona iray.

Ao anatin'izay fijerena ny fitantanam-bola izay na ny “recette” izany na ny hetra amin'ny ankapobeny na ny fadin-tseranana izany. Misy ihany koa ny fandanium-bola satria **marihana**, fa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia tsy natao handany ny vola rehetra nofaritana tao anaty Tetibolam-panjakana amin'ny taona iray, fa nanao fanamorana amin'ny fitantanana izany vola izany, mba hahafahan'ny Minisitera tsirairay avy sy ny Andrimpanjakana eto amintsika mampiasa ny vola faritana hampiasaina. “Execution budgétaire” no ilazana azy ary efa noresahan'Andriamatoa Praiminisitra teo, fa ao anatin'ny vanim-potoana manahirana manerana izao tontolo izao no diavintsika ankehitriny.

Ny taona 2020 iny dia nampiharana ny fandanium-bola izay natokana tamin'iny taona iny. Izany hoe, tetibola iray, ho an'ny taona iray.

Raha ny lafiny fahavitana, 96,6% no tahan'ny fahavitana na ny “réalisation”; izay no taha vitan'ny fitondram-panjakana tamin'ny taona 2020. Azo lazaina fa mifanandrify, mihoatra ny noeritreretina aza no tanteraka tao anatin'ny taona iray. Vitsy dia vitsy angamba ny taona ilazana hoe mahatratra 100% ny fandanium-bola na ny fampiasana ny tetibola.

Raha ohatra isika hanao jery todika ka hanao “statistique”; heverina fa “96% d'exécution” no vita ary na tamin'ny lafiny fandoavan-ketra aza, azo lazaina fa mendrika ny firenentsika. Azo lazaina fa misy ny fahamailona tamin'ny fitantanana ara-drariny ny tetibolam-panjakana. Izany hoe, 2667,33 Miliara Ariary no fidiram-bola azo avy tamin'ny hetra. Hitantsika amin'ny kisarisary aseho antsika ireo. Raha ny vinavina tamin'izay fotoana izay dia 1757,02 Miliara Ariary no tao amin'ny “loi de finances rectificative” izay nolanian'ny Solombavambahoaka, nolaniantsika tamin'ny taona 2020. Izay no manome an'io taha 96,6% io. Niasa isika ary nanatanteraka na teo aza ny ady natao tamin'ny “covid-19”. Azontsika resahana eto izany sy ny fanatsarana maro samihafa nentintsika nahatratrarana izany.

Tsara hofaritana ihany ny fampidirantsika na ny fampiasantsika ny “mobile money” ary nahafahantsika nampiditra hetra teo amin'ny 300 000 000 Ariary teo izany. Nampiharintsika koa ny antsoina hoe ny “e-hetra payment” satria amin'izao fotoana izao dia efa miditra amin'ny fanatontolona azy isika. Mifangaro ao ny teny malagasy sy frantsay ary Anglisy; tsy maninona izany fa ny votoatin-kevitra no zava-dehibe.

Izany hoe, amin'ny alalan'ny "ordinateur" dia afaka manao "déclaration" mivantana momba ny hetra ary nahafahantsika namory vola 950 Miliara Ariary ny fampiharana ny "e-hetra payement".

Misy zavatra hafa nampiharina koa tamin'iny taona lasa iny izay nahafahana nampiditra vola 1703 Miliara Ariary teo ho eo.

Hitantsika eo ambany eo ny tabilao mampiseho ny fampitahana ny famorian-ketra tamin'ny taona 2017-2019. Marihana fa na teo aza ny ady tamin'ny "covid-19", niezaka hatrany isika ny nampitombo ny fampidiran-ketra.

Marihana fa amin'ity taona 2021 ity, mbola ao anatin'ny ady amin'ny "covid-19" hatrany isika ary hiezaka hatrany amin'ny handresena izany. Misy ny tatitra mikasika an'izay mba tsy hampitotongana be loatra ny zavatra efa mipekatra amin'ny fampidiran-ketra. Nisy fanovàna netina tamin'ny taona 2020, tamin'ny alalan'ny antsoina hoe: anjara hetra, indrindra teo amin'ny fitsinjovana ny mpandoa hetra tao amin'ny "secteur formel" izay ampirisihana hatrany hitondra ny anjara birikiny eo amin'ny fiainam-pirenena.

Tamin'ny taona 2020, volana Novambra sy Desambra no nanentanana ny mpandoa hetra tamin'ny Faritra maro teto amin'ny firenena. Natomboka teto Analamanga sy Atsimo-Andrefana izany ary mbola mitohy ny fanentanana momba ny "suivi fiscal" ho an'ireo orinasa madinika sy salantsalany mba hanohizana ny ezaka efa natomboka. Hitantsika fa azo lazaina ho mitohy ny asan'ny "Direction Générale des Impôts". Eto dia maneho fisaorana ho an'ireo mpiasan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra, tamin'ny asa nataony satria asa goavana ny fampianarana ny mpandoa hetra tamin'ny alalan'ity lalan-kevitra "suivi fiscal" ity. Ny tanjona dia ny hampitombo hatrany hatrany isan-taona ny isan'ireo mpandoa "impôt synthétique", mba ahafahan'ireo orinasa ireo miditra tsikelikely amin'ny sehatra ara-dalàna sy hampiroborobo ny orinasany.

Raha jerena fohy ny lafiny momba ny isan-ketra, hitantsika amin'io tabilao io, fa raha eto Madagasikara aloha, ny TVA no mbola mitana ny voalohany amin'ny fampidiran-ketra. Momba ny taona 2020, hitantsika io ny "réalisation", eo amin'ny "colonne" faharoa, misy ny "prévision" saingy misy ny tsy fahatratrarana ny tahan'ny hetra tokony hiditra, tsy tratra ny 1088 Miliara Ariary, fa ny 61% no tratratsika. Ny antony, izay tsy iverenana intsony dia vokatry ny "covid-19". Niteraka fahasahiranana maro tamin'ireo orinasa ny fisian'io valan'aretina io kanefa nomena fe-potoana ihany ny orinasa mba tsy ho sahirana loatra tamin'ny fitantanana ny volany tamin'ny fandoavan-ketra.

Hitantsika eto koa fa ny "impôt sur le revenu" no fidiran-ketra manaraka. Nisy fahatsarana ny momba izany ary isaorana ny "Direction Générale des Impôts" sy ny tao amin'ny "Direction des Grandes Entreprises", fa ezaka sy fitiavan-tanindrazana daholo ny nataontsika rehetra na teo aza ny fahasahiranana eto amin'ny firenentsika.

Tsy hotanisaina ny mikasika ny hetra hafa, fa ny tsara ho marihana fotsiny, raha tamin'ny taona 2020, tsy nisy hetra vaovao nampidirina, tsy nisy hetra vaovao nalaina na nofoanantsika. Mbola notazonina ireo hetra izay mahazatra antsika rehetra, toy ny mahazatra ny orinasa ihany koa. Amin'ity taona 2021 ity, fantatsika fa tsy nisy hetra vaovao ary tsy nisy hetra nofoanana, fa fanitsiana no hoentina amin'ny taona ho avy amin'ny fotoana hiresahana ny tetibola nasiam-panitsiana 2021 sy ny tetibola amin'ny taona 2022.

Io hitantsika amin'ny sary io ny «ventilation par type d'impôt».

Momba ny «recette non fiscale», izany hoe: tsy hetra amin'ny mahazatra antsika, fa mikasika ny “redevance”, ny “dividende”, ny «produits financiers» samihafa sy ny «recette fiscale» hafa izay tsy ho voatanisa amin'ny ankapobeny.

Hita fa sahirana tokoa isika tamin'ny sehatra samihafa tamin'ny fandoavana ny; «redevance»; 29,10% ihany izany. Latsaky ny 30% ny «redevance» tafiditra tamin'ny alalan'ny jono, ny harena ankibon'ny tany, ny «permis» sy ny «carte grise». Tsapa fa lavitra be tamin'ny vina no tafiditra; 3,6 Miliara Ariary ihany izany kanefa 38 Miliara Ariary ny hetra nokasaina hampidirina. Noho ny fahasahiranana daholo izany ary tsy misy ifanomezan-tsiny, fa hiezaka isika hanatsara izay tsy maintsy hatsaraina; ao ny momba ny “passeport électronique”, ny «carte de résident» ary ny «frais administratif» samihafa.

Misy ezaka manokana natao tamin'ny resaka «dividende» tamin'ireo orinasa vaventy izay ananan'ny fanjakana petrabola manokana; ao anatin'izany ny banky, ny «Compagnie pétrolière», ny STAR ary ny SONAPAR.

Hita eto fa nanao ezaka manokana tamin'ny taona 2020 ary nisy ny “excédent”; Nihoatra 10 Miliara Ariary izany raha oharina tamin'ny vinavina tamin'ny tetibolam-panjakana fanitsiana tamin'ny taona 2020. Midera manokana ny mpiara-miasa eo anivon'ny tahirim-bola ny tenanay satria izany no anisany zava-dehibe tamin'ny fidiram-bolam-panjakana.

Farany, momba ny «bon de trésor», araka ny hita eto, rehefa misy fanaraha-maso akaiky sy fanentanana dia mitombo ny vola azontsika amin'ny «bon de trésor» samihafa. Tamin'ny taona 2020 dia niakatra ho 39,98% ny «taux de réalisation» tamin'ny «intérêt» tao amin'ny Banky Foibe izay ipetrahan'ny vola.

Nisy fanitsiana maro nentin'ny Governemanta sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, indrindra tao anatin'ny “guichet unique”. Noresahana teo ny «permis de conduire», ny «passeport», ny «carte grise sécurisée», ny «carte de résident», ny «recette minière» dia nametrahana “guichet unique” avokoa izy ireo.

Misy koa ny «exécution de l’harmonisation fiscale», ka ny Minisitera isan-tsokajiny no mikarakara izany.

Teny fohy mikasika ny fidiram-bola ivelany.

Momba ny fidiram-bola voalohany, mamela ahy ianareo hisaotra manokana an'Andriamatoa Filohampirenena sy Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpiara-miasa eto anivon'ny Governemanta satria misy ny fahatokisan'ny mpamatsy vola sy ny mpiara-miombon'antoka amintsika; na teo aza ny teny maro mitsikera, manamaivana ny asa sy ny ezaka nataontsika dia tsy nikely soroka ity Governemanta ity, ny Praiminisitra sy ny Filohampirenena, nanatsara hatrany ny fiaraha-miasa tamin'ny mpiara-miombon'antoka.

Tsy azo hamaivanina izany ary soa ihany aza, fa nisy fanampiana azontsika tamin'ireo mpiara-miombon'antoka mahazatra antsika ireo. Ao anatin'izany ny Banky Iraisam-pirenena, ny Vondrona Eo-peana, ny Banky Afrikana momba ny Fampanandrosoana. Efa nisy fanazavana mikasika ireo fanomezana ireo. Miisa 18 ny fifanarahana fanomezana tao anatin'ny vanimpotoana nisian'ny “covid-19” andiany voalohany. Izany hoe, tamin'ny volana Martsa ka hatramin'ny volana Oktobra 2020 araka ny voalazan'ny Praiminisitra teo.

Ny manaraka izay misy antsika amin'izao dia andiany faharoa. Mbola hanaovana tatitra eo ihany ny mikasika ny vola azontsika tamin'izany.

Misy koa ny findramam-bola na fifanarahana ao anatin'ny ady atao amin'ny "covid-19"; miisa 15 ny fifanarahana nataontsika tamin'ny herin-taona.

Ny Solombavambahoaka koa dia anisan'ireo nitondra anjara biriky tamin'ny nahafahana nanao ny "accord de prêt" samihafa. Ankehitriny, efa misitraka izany "accord de prêt" sy "accord de don" izany isika ary efa mampiasa ny vola azotamin'izany ny tetikasa ary miroso any amin'ny Distrika tsirairay izany.

Indraim-bava momba ny fidiram-bolan'ny fadin-tseranana na ny "recette douanière", 2987,4 Miliara Ariary izany araka ny hita eto. Izay no vola niditra tamin'ny fadin-tseranana.

Nisy fihenana kely; tsy iverenana ny anton'izany kanefa azo lazaina fa tsy lavitry ny vinavina izay napetraka ny vola niditra. Midika izany fa tsy lavitry ny 100% satria 99% no tratratsika ary isaorana ny fadin-tseranana izany ezaka izany.

Raisina an-tànan-droa ny fanankianana hanatsarana ny fomba fiasan'ny fadin-tseranana. Efa misy amin'izao fotoana izao ny fepetra maro noraisina; tsy tamin'ny fampidiram-bola ihany, fa tamin'ny fahamailona amin'ny fanondranana antsokosoko na ny fampidirana entana antsokosoko izay manahirana antsika eto Madagasikara.

Mikasika ny "recette de produits pétroliers" satria misy vola be miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana koa izany. Hita amin'io sary io, fa nisy fihenany izany. Fantatsika fa nisy fiovanany ny vidin'ny angovo, indrindra ny "gas oil" kanefa ny fisian'ny "covid-19" koa dia nampihena ny risipo tamin'ny fampihodinana ny orinasa. Izany hoe, nisy fiantraikany tamin'ny fampidirana vola tao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny "produits pétroliers" teto Madagasikara. Tsy tratra ny tanjona napetraka tamin'ny "loi de finances rectificative 2020" kanefa tsy mifanalavitra tamin'ny vina napetraka izany.

Izay ny mikasika ny fidiram-bola tao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Mikasika ny "exécution budgétaire"; hita amin'io tabilao io, fa 95,8% no tahan'ny fampiasana ny tetibola tamin'ny taona 2020. Tsy mitsanga-menatra isika tamin'ny fampiasana ny vola nanaovana fifanarahana tamin'iny taona lasa iny. Tsy voatery ho 100% izany ary raha mihoatra an'izany aza, mety ho hafahafa ihany raha ataontsika hoe 110% na 120% na 150% ny vola nolaniahana kanefa tsy hitranga izany. Ny latsak'io taha io volaza eny ambony io, mety hanahirana antsika satria midika izany fa nisy tsy niasa isika, ity anefa 95,8% no taha tratra tamin'ny fampiasana vola. Izany hoe, tena niasa isika. Voaloha ny karaman'ny mpiasa; izay no antsoina hoe: «solde 98,5%»; voaloha ny enti-manana rehetra tamin'ny «investissement public, 96,4%»; voaloha koa ny sandan'ny hetra na ny «intérêt de la dette, 91,9%». Tsarovy fa misy firenena tsy mahaloha an'izany.

Nivezivezy tany «Washington» izahay tamin'ny voalohan'ny taona lasa iny nijery akaiky momba ny fanampiana mikasika ny «dette»; amin'izao fotoana izao, efa misy ny «moratoire» amin'ny fampiatoana ny fandoavana ny «dette» miaraka amin'ireo mpiaramiombon'antoka ao anatin'ny «initiative G20», ao koa ny «groupe de pays» miara-miasa amintsika aty Afrika; mbola horeshana izay rehefa manolotra ny tetibola amin'ny taona ho avy.

Voaloha daholo ny «indemnités, biens et services, transferts» ary azo lazaina fa tsy misy olana loatra tamin'izay lafiny izay. Tsara ny nametrahana fepetra amin'ny fanaovana «engagement»-ny volam-panjakana tamin'ny ankapobeny.

Hita eto, fa tamin'ny tapany faharoa isan-taona no misy hazakazaka arahin-tosika kely satria hita fa tamin'ny faramparan'ny taona, ny volana Desambra vao nahatratra ny 96% izany. Raha ny marina, any amin'ny volana Jolay sy Aogositra ary Septambra dia efa tokony hatratra 50% ny «engagement»-ny fandanim-bola. Misy ezaka manokana tokony hataontsika momba izany.

Efa heno ny teninareo Solombavambahoaka amin'ny fahasahiranana mahazo ny «agent comptable» sy ny mpampiasa vola rehetra any amin'ny Faritra misy anareo tsirairay any.

Ny «comptable public» rehetra no tiana lazaina amin'izany. Hatao izay hanatsarana ny «rythme d'engagement» amin'ny fandanim-bola.

Ity tabilao ity izao dia mampiseho ny tahan'ny «exécution budgétaire» isaky ny Minisitera sy ny Andriampanjakana misy eto amintsika. Tsy ho lava resaka amin'io isika satria samy manana ny fomba fiasa sy ny manahirana azy daholo ny Minisitera sy ny Andriampanjakana. Matetika isika no maheno teny mampalahelo sy mahamenatra ny mihaino azy momba ny hoe: misy mangalatra ny vola, misy manodinkodina, misy tsy mazava ny fitantanana ny vola azo tamin'ny ady atao amin'ny "covid-19".

Mamelà ahy, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, ianareo Solombavambahoaka; mba hiangavy an'ireny olona manely tsaho ireny, fa raha misy Governemanta mitsinjo ny fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana dia ity Governemanta misy antsika ity. Tsy nisy na iraimbilanja aza fandanim-bola tamin'ny "covid-19" azontsika avy tany ivelany, ka tsy voamarina ny fampiasana azy. Tsy mbola resahana ny amin'izao fotoana izao, fa tamin'ny taona 2020 dia azo amarina tsara izany. Koa eo anatrehan'izany, manentana antsika hijery ny «site»-n'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria ao no mampiseho an'izany rehetra izany amin'ny fomba mangarahara. ity hitantsika eto ity ny «site» ahafahana manara-maso ny fandanim-bola tamin'ny "covid-19". Misy aza ny mihoatra satria ao anatin'ny «contexte» amin'ny ady atao amin'ny "covid-19" isika amin'izao. Noho izany, tsy voatery hoe fanafody sy ny fitaovana entina manohitra ny valan'aretina ihany no hita ao, fa ao koa ny fampiasam-bola nataontsika tamin'izay «contexte»-ny "covid-19" izay.

Nisy ny fahazoana ny «facilité de crédit rapide» tamin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena na ny FMI tamin'ny herin-taona. Nahazo fanampiana ara-bola na "aide budgétaire" mitentina 1288,4 Miliara Ariary koa isika ary ankehitriny isika dia efa miditra amin'ny «facilité de crédit» izay horesahana amin'ny fotoana mahamety azy.

Amin'ny lafiny fandanim-bola, satria mahamenatra raha toa nisy fandanim-bola tsy mifanandrify amin'ny didy aman-dàlana. Tsy hotanisana satria hitantsika ireo daholo, fa misy «caisse» tsy feno kanefa alefa any amin'ny tsenam-barotra. Misy ny kajikajy maro samihafa, ka miteraka olana rehefa tonga any amin'ny «contrôle financier», lasa mitazoka ny fandanim-bola.

Nisy fanatsarana nataon'ny tahirim-bola tamin'ny lafiny fifanakalozana ara-bola; ao ny fanatsarana ny sehatry ny banky sy ny «assurance» satria ianareo Solombavambahoaka no nifidy an'ireny làlana ireny.

Raha iny taona 2020 iny no jerena, manamafy izahay fa nisy fanaraha-maso ny fitantanana ny vola azontsika ary napetraka tamin'ny alalan'ny «fonds covid» izany.

Mbola tsy nisy Governemanta sahy nanao fangaraharana sahalan'izao ataontsika izao ary miteraka fialonana ho an'ireo olona mitsikera izany ezaka ataon'ny Governemanta izany.

Efa nolazain'Andriamatoa Praiminisitra teo ny fitombon'ny «Crédits d'Investissement destiné à l'Appui au Développement» na ny «CIAD» isaky ny Distrika na teo aza ny fidinan'ny fidiranketra noho ny krizy ara-pahasalamana.

Tsara homarihana, fa fasahiana goavana no nandrasiana fanapahan-kevitra nanafoanana ny «comptes de commerce» satria tao anatin'izany no nakan'ireo Minisitry teo aloha vola rehefa tonga ny faran'ny taona, ka nentiny nanaovany zavatra hafa.

Nofoanana ihany koa ny «retours de budget». Ireo mpikirakira tetibola dia mahafantatra fa nisy zavatra tsy nety ny fampiasana ny tetibola teo aloha. Ankehitriny dia jerena amin'ny antsihiriany ny tetibola entina miasa isaky ny Minisitry mba hialana amin'izany. Tsy misy intsony ny ady varotra ho an'ny tetibola isaky ny «direction», satria efa mazava sy mangarahara avokoa ny rehetra. Hiarahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny Banky Iraisam-pirenena ary ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena ny fanazavana mikasika izany amin'ny manaraka.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy Fitantanam-bola tamin'ny tatitra nataony, no nasetrin-dRamatoa Filoha, izany taorian'izay.

Nisaotra azy ihany koa izy tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tamin'ny nanafoanana ny «compte» nahabe resaka ny rehetra.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka. Nomarihany fa tokony hiompana amin'ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra sy Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fandraisam-pitenenana hatao.

Araka ny volaza tany aloha, omena fitenenana 5 minitra ny Filoha na ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny fanombanan'ny Politikam-panjakana na ny Filohan'izany Vaomiera izany raha toa ka ao izy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco, fiarahabana ny rehetra manatrika izao tatitra ataon'Andriamatoa Praiminisitra sy Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izao no nanombohany izany.

Nambarany fa voaray ny tatitra nataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola teo niaraka amin'ny fanehoana an-tsary isan-karazany izay nilazany fa nisy ny ezaka natao, ka deraina manokana izy, indrindra tamin'ny fampiakarana ny «contribuable» na ny fampiakarana ny isan'ny olona mandoa hetra hiditra ao anaty kitapombolam-panjakana.

Hampiakatra ny «taux de pression fiscale» eto Madagasikara, mba hanakaiky kokoa ny firenena miroso amin'ny «emergence», ny hitovizantsika aminy no tanjona, hoy izy.

Nomarihany koa ny fisaorana manokana nataon'Andriamatoa Minisitra, ny mpiasa avy ao amin'ny "Direction Générale des Impôts", eo ihany koa anefa raha fampidiran-ketra no resahana, ny mpiasa avy ao amin'ny «Douane» sy ny Minisitara rehetra satria, amin'ny ankapobeny, efa miroso amin'ny antsoina hoe «digitalisation» isika. Izany hoe, miroso mankany amin'ny fivoarana isika. Ny antony, ny olona rehetra dia afaka mandoa hetra amin'ny alalan'ny telefonina, amin'ny alalan'ny «internet», izay zavatra tsy mbola neritreretina dimy taona lasa izay.

Fisaorana koa no natolony tamin'ny nanafoanan'ny Governemanta ny «Comptes de commerce» sy ny «retours de budget» tamin'ny tatitra teo.

Nambarany koa fa ho tonga tsy ho ela ny fotoana handinihana ny "LFI pour 2022", nangatahany ny hanatsarana ny fomba fiasa ary mba lavalava kokoa ny fotoana ahafahana miady hevitra momba izany.

Fisaorana avy amin'ny Distrika manana Solombavambahoaka roa tamin'ny fampitomboana ny famatsiam-bola mikasika CIAD mba ahafahana miasa ho an'ny vahoaka no nataony taorian'izay.

Nangatahany ihany koa ny tsy hanakatsakanana ny fampiasam-bola atao amin'ny CIAD satria ny Solombavambahoaka no mahafantatra ny zavatra tena ilain'ny vahoaka any aminy.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy no namaranany ny teniny.

Nisaoran-dRamatoa Filoha koa izy taorian'izay, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony ary rehefa izany, nomena fitenenana dimy minitra indray ny Filohan'ny Vaomiera mpanao ny Tombana momba ny Politikam-panjakana.

Fisaorana sy fiarahabana ny rehetra no nanombohan-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ny teneniny raha nomena fitenenana izy.

Taorian'izay, notsindriany fa tokony ho tonga mialoha eto amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra mba hahafahana mandinika sy mamakafaka izany ary avy vao itondrana ny fanamarihana mifanaraka amin'izay.

Ireto manaraka ireto kosa no tokony ho hita ao anaty tatitra: fantatra mialoha ny fizotry ny tetikasa sy ny antonantony, ny fametrahana ny fehin-kevitra hanaovana azy, ny fe-potoana heverina hanatanterahana ny asa, ny firafitry ny tetikasa, ny mpitantana azy, ny olona ampiasainy sy ny ratsa-mangaika, ny didy aman-dalàna mifehy azy, ny fiantraikan'ny tetikasa amin'ny olona mpahazo tombotsoa aminy.

Raha ny lafiny ara-bola kosa, hoy izy, tokony ho fantatra ny tetibola entina hanatanterahana ny tetikasa, jerena ny loharanom-bola na ny «source de financement» sy "marché public" mikasika ny asa, ny fandaniana efa vita sy ny fandaniana mbola hatao.

Nomarihany koa, fa ilaina ny fahafantarana ny fiovàna hateraky ny tetikasa sy ny olana mety hitranga ary ny fomba hamahana na vinavinaina hamahana ny olana ary ireo dingana manaraka aorian'izay koa tokony hazava tsara.

Ekena fa mandalo eto amin'ny Antenimierampirenena ny tetibolam-panjakana sy fankatoavana ireo famatsiam-bola maro. Misy ny fanatanterahana ireo asa maro ireo, koa mihevitra izahay, hoy izy, fa mety hanome tolo-tànana ny Solombavambahoaka amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Tsy afaka manome hevitra mitondra fahombiazana anefa ny Vaomiera raha tsy miainga amin'ny tsoa-kevitra maripototra izany. Noho izany, tokony hamafisina ny mangarahara mba hahafahana manara-maso ny asan'ny Governemanta sy manao tombana ihany koa ny politikam-panjakana araka ny andininy faha-18 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Tsy ny fitanisana ny zava-bita loatra ny tena ilaina, fa nametraka fitokisana aminay ny vahoaka mba hampoitra ny fomba nanatanterahana ny asa. Nitondra ny vokatry ny novinavaina ve ny asa natao, nisy fanatsarana tamin'ny fiainan'ny vahoaka ve izany, laharam-pahamehana tokoa ve; inona no antony nanaovana ny tetikasa. Nandeha tsara tamin'ny tokony nampiasana azy ve ny vola satria ny vahoaka no lasa mibaby trosa an-tapitrisany. Ara-potoana amin'ny ilana azy ve ny asa natao ary namaha olana tokoa. Tena ny mpahazo tombotsoa araka ny voalaza ve no misitraka izany sa olona hafa. Mihatsara ve ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fambolena, ny fandriam-pahalemana, ny fiompiana ary ny jono. Mihatsara ve ny fahefa-mividin'ny vahoaka; miteraka famoronana asa maharitra ho an'ireo tsy an'asa marina ve izany. Voaaro ve ny tontolo iainana, sns... Izany hoe, ny hisian'ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ny roa tonta, izahay Solombavambahoaka sy ny Mpanatanteraka no tiana ahatongavana, mba hatratrarana ny tanjona ho fampandrosoana. Izany hoe, miantefa any amin'ny Malagasy tsirairay, ka manova ny fiainany ho amin'ny tsaratsara kokoa ireo politim-panjakana.

Maniry ny handray andraikitra feno amin'izany ny Solombavambahoaka, ka homena anareo ny tombana sy ny fijery mba hafahanareo manamafy sy manatsara na manitsy arak'izay ilaina mikasika ny fianam-bahoaka.

Teo amparanana ny teniny, amin'ny maha Solombavambahoakan'i Vaingandrano azy, mba miandrindra fanovàna misimisy kokoa ny Distrika misy azy, na dia ny fanombohana ny asa momba «promesse présidentielle» ihany aza.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR indray izao rehefa tsy nisy solotena ny Vondrona Parlemantera TIM.

Nomena 15 minitra, koa ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, amin'ny fandraisany fitenenana.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha, no nataon'Andriamatoa MILAVONJY Philibert Andriasy, raha nomena fitenenana.

Fiarahabana ny mpivory rehetra koa no teny nambarany taorain'izay.

Nomarihany fa hozaraina roa ny 15 minitra nomena azy, ka tapany voalohany dia hitenenany amin'ny maha Filohan'ny Vondrona Parlemantera azy. Ny tapany faharoa kosa, homena ny Solombavambahoaka RASIDIMANANA, voafidy tao Manakara, ka mikasika manokana ny tatitra nataon'ny Ministry ny Tokarena sy ny Fitantanam-bola no fandraisany fitenenana.

Raha momba ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta teo, fisaorana noho ny zava-bita rehetra satria nisy tokoa ny fanatanterahana fotodrafitrasa manerana ny nosy. Isaorana izay vita, irariana koa ny hantotosana soa aman-tsara ny eo an-dalam-panamboarana.

Tsy azo afenina anefa fa sahirana ny vahoaka Malagasy ankehitriny, ka niangaviany mba hifanaraka amin'ny zavatra eritreretina no hotanterahina amin'ny fanarenana ny fiainambahoaka.

Nomarihany fa ny GPR dia elanelana na "centriste" eto anivon'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, mankasitraka ny asa ataon'ny fitondrana raha ohatra mifanaraka amin'ny filana sy miteraka tombotsoa ho an'ny vahoaka Malagasy izany. Miteny sy mitsikera ary manitsy koa raha ohatra misy zavatra heverina fa tsy mifanaraka amin'ny zava-misy iainan'ny vahoaka Malagasy.

Tsy midika anefa izany, fa mpanohana na mpanohitra izahay, hoy izy, koa miala tsiny raha misy ny tsikera satria sadasada ny GPR. Aleo tsorina, fa izany no maha eo afovoany ny GPR ato anatin'ity Andrimpanjakana ity; tsy nisafidy ny hiditra ao anatin'ny IRD izahay; tsy nisafidy ny ho mpanohitra miaraka amin'ny TIM ihany koa.

Mankasitraka ny fanamboarana fotodrafitrasa araka ny voalaza teo izahay, saingy tiana ny manamarika, Andriamatoa Praiminisitra, fa amin'ny ezaka ataonareo; misy ny mandeha ila. Izany hoe, ny ankamaroan'ny Faritra nojeren'ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny GPR, misy manao fanjakana mahaleotena ao anaty fanjakana foibe. Midika izany fa manararao-pahefana, raha tsy hiteny afa-tsy ny taty amin'ny Faritra Androy izahay; azo anontaniana hoe, firy taonina marina ny Vatsy Tsinjo tamin'ny vary nomena ny Faritra Androy sy ny Distrikan'Ambovobe-Androy. Tena mitaraina momba izany ny vahoaka taty amin'ny Faritra Androy.

Efa voasoratra tao anaty Politika Ankapoben'ny Fanjakana koa nanomboka tamin'ny taona 2019, 2020, 2021, ny fanamboarana ny RN13 Ambovobe Fort-Dauphin, Ambovobe-Ihosy; hatramin'izao mbola andrasana ihany, ka iriana ny hanatanterahana ny fanombohan'ny asa amin'ity taona 2021 ity.

Nanambara koa ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta teo, fa hatao tsy ho ela ny fanendrena ny Governoran'i Betsiboka. Efa nahazo Governora izahay, ka tianay ho fantatra ny "évaluation" natao tamin'ireo Governora rehetra efa notendrena satria misy volampanjakana nomena azy ireo hanaovany fotodrafitrasa hoy ny Filohampirenena. Miangavy ny hijerena akaiky an'izany izahay aty amin'ny Faritra Androy satria mahita ny Filohampirenena. mitokana ireny fotodrafitrasa nampanaovina ny Governora ireny. Miangavy anao, Andriamatoa Praiminisitra, mba handefa ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjiram-pahefana mba hijery na mendrika an'izany izahay na tsia.

Taorian'izay, nomeny an'Andriamatoa RASIDIMANANA, ny fitenenana rehefa neken-dRamatoa Filoha, ny hanaovany izany.

Fiarahabana sy fisaorana ny rehetra manatrika izao fivoriana izao no voalohan-teniny.

Nambarany fa raha tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra teo, gaga ny tenany satria tsy niresaka fampandrosoana ny fambolena mihitsy izy; tsy naheno hoe, hisy "barrage" hatao manerana ny Distrika eto Madagasikara.

Raha namaky ny tatitra teo aho, hoy izy, hita fa nisy ny "fonds" tamin'ny "Covid-19" saingy tsy hita tamin'ny "ressource externe" izany, Andriamatoa Minisitry, satria tokony hiditra any io "fonds covid-19" io raha ny fahitana azy, satria tsy "recette fiscale" no sady tsy "recette non fiscale".

Momba ny fanafoanana ny "comptes de commerce", tsy fantatra hoe nisy "frais" tao satria tsy hita tao anaty "recette non fiscale" izany araka ny tatitra teo. Isaorana anareo satria nahavita "hôtels des finances" maromaro ianareo. Ny zavatra manahirana kosa, mbola betsaka ny «trésorerie générale», ny «trésorerie principale», indrindra ny «pérception principale» any amin'ny Distrika no tsy manana trano, fa manofa trano no sady miankina amin'ny Lehiben'ny Distrika.

Tsara ny «digitalisation» nataonareo ary mahafapo ny teknisiana saingy tsapa fa tsy mifanentana amin'ny zava-misy eto Madagasikara.

Ohatra, ny any Marolambo, fotoana fohy no andehanan'ny jiro kanefa «digitalisation» no ataontsika. Ny dikan'izay, tokony hiezaka ianareo mpitondra fanjakana mba hanome herinaratra any amin'ny Distrika. Tsy tokony ho tapaka ny jiro mba hampadeha tsara an'io «digitalisation» io; tahaka izay koa, tokony ho ampy ny fitaovana ilaina amin'izany, toy ny «matériel informatique» hanaovana «connexion».

Momba ny hoe, misy ny fanaraha-maso ny «agents comptable»; mahita izahay, fa eto Madagasikara, mbola misy «établissement public» tsy manana an'izany kanefa hiezaka hampihatra ny mangarahara momba ny fitantanam-bolam-panjakana, hanao «bilan» sy «état financier» mikasika izany isika. Miangavy anareo raha te-hampiseho an'izay, omeo sehatra ny «comptable public» hitantana ireo "établissements publics" mbola tsy manana «agents comptable» ireo.

Raha nanohy ny teniny izy, nambarany fa ratsy ny lalana eto Madagasikara, eny na ny lalam-pirenena aza. Mba omeo fiarakodia matanjaka ny mpiasa ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny mpiasan'ny hetra any amin'ny manodidina hahafahany mamory hetra satria tany amin'ny taona 2006 ny Distrika sasany no nahazo fiara farany; ohatra, tao Manakara sy tao Toamasina. Izany hoe, ratsy ny lalana eto amintsika ka lasa manahirana amin'ny fanatanterahana ny asam-panjakana izany.

Momba ny fampidiram-bolam-panjakana, maheno izahay fa mbola miasa ny Sekretera Jeneralin'ny Hetra, indrindra amin'ny fampiasana ny "data", ny «amethis» koa torak'izany, tsy fantatro na novainareo ny anarany amin'izao fotoana izao.

Mitaraina ny «importateurs» satria raha ohatra mividy zavatra mora izy ireo dia misy “valeur” izany, ka tokony harenina io «valeur» io mba ho ambonimbony kokoa satria miantraika amin’ny fiainam-bahoaka izay zavatra izay.

Ny «exportateurs» dia tsy misy manao «rapatriement de devise» raha tsy amin’ny fotoana ilany ny vokatra eto amintsika. Tsy misy «circulation monétaire» eto Madagasikara, koa mba jereo akaiky izay zavatra izay. Ohatra, ny «litchi, “10 Euros” any amin’ny “domicialisation” kanefa lazaian’ny mpanondrana fa “5 Euros” izany. Tsy miverina eto Madagasikara iny ambiny “5 Euros” iny, lasa tsy misy ny “rapatriement de devise”-ntsika. Mba hisian’ny fiarenan-dohan’ny toekarena Malagasy, tokony hojerena akaiky io zavatra io, fa mijaly ny vahoaka satria mihatra amin’ny mpamokatra ny fatiantoka.

Taorian’izay, fisaorana ny Vondrona Parlemantera GPR, no nataon-dRamatoa Filoha, tamin’ny fandraisan’izy ireo fitenenana satria hainy ny nandrindra izany na dia nozarainy roa aza izany.

Rehefa izany, nomena fitenenana indray ny Vondrona Parlemantera IRD. Omena 20 minitra ihany koa ny Filohan’izany Vondrona izany.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert Ramatoa Filohan’ny Antenimierampirenena; Andriamatoa Praiminisitra; ianareo mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra; ianareo mambran’ny Governemanta; isika Solombavambahoaka namana rehetra.

Fampahatsiahivana, ny Zoma 16 Aogositra 2019 no natolotry ny Lehiben’ny Governemanta antsika ny fandaharanasa fanatanterahana ny Politika Ankapoben’ny Fanjakana. Ny Alatsinainy 15 Jona 2020, nanao tatitra voalohany teto amintsika ny Lehiben’ny Governemanta, izay mifototra tamin’io Politika Ankapoben’ny Fanjakana io. Androany Talata 8 Jona 2021, tonga eto indray ny Lehiben’ny Governemanta manao tatitra amintsika Solombavambahoaka.

Amin’ny ankapobeny raha ny fahitana ny tatitra nataon’ny Lehiben’ny Governemanta; voalohany, raha ny endrika no lazaina dia voahaja ny fotoana. Voahaja ny fepetra napetraky ny Lalàmpanorenana na dia amin’ny alalan’ny «virtuelle» aza ny fivoriana ataontsika. Voahaja koa ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena satria efa nankatoavin’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny «résolution» nampiditra ho anisan’ny fomba fiasa eto amintsika izany fivoriana ampitain-davitra izany.

Raha ny votoatin’ny tatitra nataon’ny Lehiben’ny Governemanta teo dia nifototra tanteraka tamin’ny fandaharanasa momba ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben’ny Fanjakana. Tatitra mampisongadina teboka dimy tamin’ireo fandaharanasa ireo.

Voalohany, fitantanana ny filaminana; faharoa, ny fandriam-pahalemana; fahatelo, ny toekarena sy ny fotodrafitrasa hamokarana; fahaefatra, ny tontolo iainana ary fahadimy, ny lafiny sosialy.

Niarahana naheno teo ny fanazavana nataon'ny Lehiben'ny Governemanta; raha ny fahitako azy, izaho Filohan'ny Vondrona Parletera IRD, miasa ity Governemanta ity. Azo antoka fa hiova ny endrik'i Madagasikara. Hiova amin'ny endriny tsara raha ny fitantarana ny zava-bita sy ireo mbola hatao.

Manarak'izay, mikasika ny ady amin'ny valan'aretina, napetraka ny fepetra samihafa; nentina ny fanafody maro tonga hatramin'ny fanaovana vaksiny isika eto Madagasikara amin'izao fotoana izao. Arahabaina isika fa afaka tao anaty fihibohana ka nahazo mivezivezy malalaka. Izany no nisy dia noho ny ezaka nataon'ny Governemanta.

Fehiny, manenjika ny fahatarana nisy ity fitondrana ity raha ny tatitra teo no asiana teny.

Eo anatrehan'izay, misy fanamarihana vitsivitsy ireto teo ampihainoana ny tatitra nataon'ny Lehiben'ny Governemanta.

Voalohany, mikasika ny fitantanana.

Voaresaky ny Lehiben'ny Governemanta teo fa miezaka manaja ny "état de droit" ny fitondrana. Eo amin'ny lafiny fifidianana, havanana kokoa ny Lehiben'ny Governemanta amin'ny fahaizana mandamina ny fifidianana tsy misy romoromo, tsy misy hala-bato ary fifidianana eken'ny rehetra. Izany no hita tamin'ny fifidianana izay ho Filohampirenena, Solombavambahoaka, ny Loholona farany teo ary ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna.

Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta, vita tamin'ny taona 2019 ny fifidianana ny Ben'ny Tanàna, fa ny zavatra tsikaritra, mbola maro ny fifidianana tokony haverina.

Tokony hojerena akaiky koa ny fomba fiasan'ny "Conseil d'Etat" satria olona efa lany roa taona teo aloha, iray taona taty afara vao mivoaka ny valim-pifidianana. Lasa tsy lany indray ny Ben'ny Tanàna nofidian'ny vahoaka. Heverina fa tokony hojerena akaiky io «système» io ary eto ianao hanazava ny fomba fiasa mikasika izay «Conseil d'Etat» izay. Raha ny fihazakazaky ny fandrosoana eto Madagasikara; tsy tokony ho izay no fomba fiasa ao aminy, Andriamatoa Praiminisitra.

Mikasika ny fitsinjaram-pahefana.

Ekena fa efa mamindra fahefana tokoa fitondram-panjakana, raha tsy hiresaka afa-tsy ny «marché public» isika. Efa alefa any amin'ny Faritra ny fikirakirana izany, fa ny olona amin'izao fotoana izao, sahirana ny «entreprise» izay nampanaovina ny asa satria mbola tsy tomombana sy ara-potoana ny fandoavana ny volany. Mba anagatahana horeshahana eto ny daty tokony hanaovantsika izany mba hahafahan'izy ireo hanatanteraka ny asa sy hahafahantsika koa hiroso amin'ny asa manaraka.

Voalaza teo ary ekena ny fisian'ny fampitaovana ny Faritra amin'ny alalan'ny "engin" samihafa. Ekena fa miasa tokoa ny fitondrana nanome fitaovana hiasan'ny Faritra saingy iarahana mahita fa mbola Faritra miisa sivy no nahazo «engin» fanamboaran-dalana. Ho an'ny Faritra tsy mbola nahazo, ianao no afaka mamaly hoe: rahoviana ny anjaran'ny sasany satria mihazakazaka ny fampandrosoana izay tarihinao eto Madagasikara amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny «subvention».

Niarahana nahita tamin'ny LFI, fa niezaka ny fanjakana nampiakatra ny «subvention» ho an'ny Kaominina, lasa “25 Millions d’Ariary” kanefa mbola maro ny Kaominina tsy mbola nandray izany tamin'ity taona 2021 ity. Ho avy tsy ho ela ny fetim-pirenena, afaka roa na telo herinandro; koa mba jereo akaiky ny fomba hahazoany izany famatsiana-bola izany.

Mikasika ny kolikoly, mbola ao anatin'ny fitantanana ihany. Voalaza teo fa manao ezaka ny mpitandrofilaminana amin'ny fanenjehana ny dahalo. Voaresaka fa 7 000 teo ny omby very tamin'ny taona lasa, ka 4 000 no tafaverina tamin'ny tompony. Isaorana ny ezaka nataon'ny mpitandrofilaminana sy ny Fokonolona; isaorana ihany koa ianao, Andriamatoa Praiminisitra, nanome toromarika, fa mba tiana ho fantatra misimisy kokoa ny momba ny «politique de prévention» mba tsy hahavery ny ombin'ny tantsaha. Ny fiompiana omby no anisan'ny kitro ifaharan'ny tantsaha amin'ny Faritra maro eto amintsika, ka tokony hatao zava-dehibe ny fiarovana ny hahavery ny omby.

Mikasika ny vidin'ny FIB, tokony hojerena akaiky izany satria misy kolikoly raha ny vidin'ny FIB sy ny kahie telo izay tsy mbola mipetraka amin'ny tokony ho izy hatramin'izao. Mitaraina mpiompy omby satria tsy mitovy ny vidin'ny FIB amin'ny toerana maro eto amintsika. Misy ny sasany lafo dia lafo, ka tsy zakan'ny mpiompy omby; izany no antony angatahanay Solombavambahoaka ny fijerena an'izay mba ho zakan'ny mpiompy ny vidin'ny FIB.

Amin'ny lafiny toekarena, teboka iray no horesahana. Misy Faritra misa sivy no miaina amin'ity resaka lavanila ity eto Madagasikara ary izany no anisany mampidi-bola ny fanjakana sady fototry ny fiainan'ny tantsaha mpamboly lavanila. Efa noresahana tamin'ny fotoan'androny ny hametrahana Filankevi-pirenena momba ny lavanila. Manantena izahay, fa efa mipetraka izay zavatra izay. Rehefa tafapetraka izay, eto hanazava azy ary tsy latsandanja amin'izay koa ny vidiny lavanila satria iaraha-mahalala fa betsaka ny mpamboly lavanila eto Madagasikara ary tokony harovana ny tantsaha satria sarotra ny fikirakirana lavanila. Tokony ho mendrika izany koa no hamaritana ny vidiny.

Mikasika ny fifandraisan'ny Governemanta sy ny Parlemanta. Efa nanaovana ezaka lehibe izany saingy tsy fantatra, asa na noho ity “covid-19” ity, fa lasa misy elenelana be loatra ny mambran'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka ary ny Loholona. Maro ny Minisitry no tsy mandray antso avy amin'ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao. Tsy fantatra hoe inona no tokony hatao amin'ny olana maro misy any amin'ny Distrika tsirairay. Tiana hatsidika eto koa ny fanoloana ireny Lehiben'ny Sampandraharaha sasany any amin'ny Faritra ambany ravinkazo ireny satria tsy ny olombelona rehetra no lavorary, fa tokony hakisaka izy ireo ka hijerena toerana hafa satria tsy mety loatra ny fomba fiasany miaraka amin'ny Solombavambahoaka.

Napetraka isaky ny Faritra ny “Ministre coach”, manana “observation” izahay, fa tsy ampy ny fifaneraserana amin'izy ireny sy ny tomponandraikitra any amin'ny Faritra, ka mila arenina izay fomba fiasa izay mba hifanaraka amin'ny fihazakazahan'ny ezaka ataonao sy ny Filohampirenena Andry RAJOELINA, hampandroso sy hanarina ity firenena malalantsika ity.

Misy hafatra avy amin'ny Solombavambahoaka roa ho an'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; avy any Soanierana-lvongo, manontany mikasika ny «bureau de centre fiscal» sy ny «perception principale» any an-toerana izy.

Ho an'ny Distrikan'i Fenoarivobe, mitaraina fa tsy misy fotodrafitrasa mihitsy any aminy. Izany hoe, latsa ankilabao any an-toerana amin'izao fotoana izao, tsy misy EPP, CEG ary "Lycée", ny biraon'ny Kaominina, ny kianja manara-penitra, ka mba jereo akaiky izany Distrika izany.

Izay no hafatra voaray ka ampitaina amintsika amin'ny alalan'ity fivoriana ataontsika androany ity.

Fisaorana an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay ary nanome fitenenana ny Filohan'ny Solombavambahoaka tsy miankina na ny "Non Affilié" indray izy.

Nomena 10 minitra amin'ny fitenenana hataony Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Filohan'ny Solombavambahoaka tsy miankina.

Fiarahabana an-dRamatoa Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy Andriamatoa Praiminisitra sy ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Solombavambahoaka rehetra manatrika ny fivoriana no nanombohany ny teniny.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson.

Ny voalohan-teny dia misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra nitondra ity tatitra mafonja dia mafonja ity. Misaotra anao ihany koa Andriamatoa Minisitry.

Raha ny marina no lazaina eto dia tsy hita taratra ny asa vita. Raha ny vilanin'ny vahoaka tsirairay any amin'ny Distrika no jerena, sahirana ny olona satria any no amaritana azy hoe: inona no miditra any anaty vilanin'ny tsirairay; rehefa henoina ny vahoaka dia fahasahiranana no ambarany.

Ho an'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tojo fahasahiranana ianareo amin'ny ezaka ataonareo; sarotra ny asa iadidianareo satria raha ny sitraponareo, tokony hisy fidiram-bola tomombana tsara hiditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana amin'izao fotoana izao. Noho fisian'ny valan'aretina eto amintsika dia kely ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Eo anatrehan'izay, tsy maintsy misy zavatra atao, tsy maintsy tohizana ny asa efa napetrakareo. Andriamatoa Praiminisitra mafy ny asanao, raha tamin'ny herin-taona tahak'izao, niteny taminareo izahay fa raha tomanana ny asa natao dia tsy mahazo salan'isa ianareo noho ny fisian'ny valan'aretina "covid-19".

Teo koa ny nifidianana ny Filohampirenena izay nanambara hoe ireto daholo ny zavatra tokony hataony ary ireto ihany koa no tokony hotanterahanareo mpikambana ao amin'ny Governemanta; raha zavatra tsapa dia misy "défaillance" ny Minisitry tarihinao matoa tsy tanteraka ny zavatra maro nokasaina ho vita. Tsy izay anefa no izy fa noho ny fisian'ny valan'aretina eto amintsika.

Raha miteny izany fahatsapan-javatra izany eto aho, Andriamatoa Praiminisitra, ohatran'ny te-hiteny hoe manankiana anareo; tsia, tsy manankiana fa mba mamerina amintsika hoe: sao dia tokony hanova isika. Andao hijery ny sosialy satria izay no iainantsika amin'ity taona manaraka ity.

Raha tamin'ny herin-taona, kely dia kely ny vola natokatsika ho an'ny sosialy tamin'ny "loi de finances" nataontsika. Androany, te-hiteny amintsika aho hoe: sao dia tokony hanova isika, tokony tsy hijery ny lafiny fotodrafitrasa loatra aloha, fa andao hijery ny sosialim-bahoaka ranofotsiny, toy ny fahasalamana, ny mponina, ny fampianarana sns... Raha ny lafiny fampidiram-bola, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satrinay dia satrinay mba ho isaky ny Distrika no hahazo zavatra maro, kanefa ny valala tsy an-tànana hono tsy atolo-jaza. Mafy ny asanao Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria ny "gymnastique" ataonao dia tena goavana tokoa. Ny olona rehetra mangataka hoe aiza ny "ambulance", tsy afaka; ataonareo daholo izany asa izany kanefa ny vola eo ampelan-tànanareo tsy ampy.

Raha ny fanampiana tenenina isan'andro, aiza ny anaovanareo azy, "gymnastique" no ataonao. Hainay tsara izany. Manao "gymnastique" ianao hoe aiza indray no hanaovana ity; ahoana indray no ahitana an'ity vola ity. Niteny ny namako iray teo hoe: tokony hataonareo an'izao anie ity, sarotra izany. Izaho te-hiteny hoe, andao hanova kely isika. Andao mba hijery indray ny sosialim-bahoaka isika. Andao ireny fanampiana azontsika avy any ivelany ireny mba hataontsika any amin'ny sosialim-bahoaka.

Misaotra anao, Andriamatoa Ministry ny Fahasalamana fa tonga ny vaksiny. Ny vaksiny irery ihany no ahafahana manala ny "cache bouche"-ntsika rehefa kelikely eo. Andao hanafatra vaksiny misimisy kokoa, andao hivity an'izany ho an'ireo vahoaka tsy mandady harona isika. Izay no hafatra avy aminay.

Misaotra Anao, Andriamatoa Praiminisitra, Misaotra an-dRamatoa Filoha, nanao ity "session ordinaire" ity amin'ny alalan'ny "visio conférence" tahaka izao; kanefa mety mba afaka mifanatonana ve isika. Tsara raha ohatra mba misy dinidinika miaraka amin'ireo Minisitry ireo saingy tandrovana ny elanelana ara-pahasalamana.

Fisaorana an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona tsy miankina no nataon-dRamatoa Filoha, ny fitenenany ary nomarihany fa mbola manana 5 minitra izy ireo, ka sao misy Solombavambahoaka tsy miakina hampiasa izany.

Rehefa izany, nomena fitenenana 5 minitra, ny Solombavambahoaka tsy miankina.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, rehefa avy nisaotra ny rehetra ny tenany.

Andriamatoa Praiministra, ny zavatra tiana horesahana dia mikasika ny tatitra nataonao teo. Fisaorana mitafotafo no atolotra satria raha ny fahitana ny tatitra nataonao momba ny zavabita rehetra eran'ny Distrika eto amin'ny firenena dia voahaja ny tenin'Andriamatoa Filohampirenena hoe: tsy hisy Distrika hadino intsony na dia iray aza.

Ny zavatra tsikaritra anefa maro ny mpandraharaha nanao ny asam-panjakana no mitaraina amin'izao fotoana izao; noho ny tsy fahazoany ny volan'izy ireo tamin'ny asa nataony. Koa manaitra antsika tomponandraikitra mikasika izay izahay.

Eo amin'ny kalitaon'ny asa vita, hita fa tena manao ezaka tokoa ny fitondram-panjakana saingy tsara kokoa raha misy mpanara-maso satria misy tandrevaka amin'ny asa atao kanefa volam-panjakana marobe no laniana amin'ny fanaovana ireny fotodrafitrasa ireny.

Andriamatoa Praiminisitra, firenena no jerena eto, voalaza fa ny 85%-n'ny vahoaka Malagasy dia tantsaha mpiompy sy mpamboly avokoa. Raha ny tatitra teo, iaraha-mahita fa saika tsy voalaza ny momba azy ireo; ka izay no somary asiana teny kely. Tsara raha miezaka isika mba hialana amin'ny fanafarana vary be loatra sy hialana amin'ny mety ho krizy ara-tsakafo eto amin'ny firenena.

Tokony hojerena ihany koa ny fandraisana mpiasam-panjakana eny anivon'ny Minisitery samihafa; anisan'izany ny Minisitery Fanabeazam-pirenena izay tena mampitaraina ny mpampianatra FRAM. Miezaka hanao ny tsaratsara kokoa isika, kanefa ankehitriny, lasa nidina be ny "quota"-n'ny CISCO amin'ny fandraisana mpampianatra FRAM. Tokony hojerena akaiky ny momba izay.

Eo amin'ny resaka fahasalamana.

Iarahana mahita fa maro ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana, isaorana anareo izany. Isaorana ihany koa, Andriamatoa Filoha, satria manao ny ainy tsy ho zavatra. Tsihivina anefa fa miditra vanim-potoanan'ny ririnina isika amin'izao ary mety mbola hisy ny "3^{eme} vague" amin'ity valan'aretina ity. Tokony hiomana amin'izany ny fitondram-mpanjakana satria sarotra ny hiatrehana izany raha izao zava-misy eto amin'ny firenena izao. Koa efa mampiomana sahady izahay.

Momba ny vaksiny, tokony hanafatra karazana vaksiny samihafa isika ka misafidy izay tiany ny olom-pirenena rehetra.

Fisaorana ny Vondrona tsy miankina nampiasa ny 5 minitra farany, no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'ny fandraisam-pitenenana teo.

Araka ny voalaza teo, hoy hatrany izy, hampiasa ny 7 minitra tsy lanin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD ny Solombavambahoaka roa avy amin'ny IRD izay hangataka fitenenana eto, ka anjaran'izy ireo no mandamina ny fotoana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, nilaza fa teboka vitsivitsy no hitondrany fanamarihana ankoatra ny fisaorana ankapobeny. Hita fa manao ezaka ny fitondram-panjakana tarihin'Andriamatoa Filohampirenena ary amin'ny alalan'ny asa ataon'ny Governemanta no ahatsapan'ny vahoaka izany.

Misy ihany nefa zavatra kely mba tiana homarihana.

Voalohany, amin'ny resaka tontolo iainana; na inona na inona ezaka atao sy paikady amin'ny fambolan-kazo ary fanatratrarana ny tontolo maitso, tsy hisy vokany izany raha ohatra mbola mirongatra ny doro tanety. Amin'izay lafiny izay, tsy ampy ny fanaraha-maso atao mikasika izany. Inona no paikady mety hisorohana sy fiarovana ny voly hazo marobe nataontsika. Mandroso soso-kevitra izahay hoe, tokony haverina na hamafisina ny "brigade forestière" mba ahafahana miaro ny zavatra natao.

Andriamatoa Praiministra, momba ny "budget d'investissement" natokana ho an'ny Faritra, efa nivoaka ve izany. Ny antony, mba ahafahan'ny Solombavambahoaka mijery hoe aiza ho aiza ny fampiasana ny vola natokana ho an'ny Faritra, satria miandry izahay aty amin'ny Distrika hoe aiza ny fampiasana izany vola izany. Aiza ho aiza ny fanamboaran-dalana nambaran'ny Filohan'ny Repoblika.

Mikasika ny “aire de repos”. Raha tsy diso izahay, efa voasoratra ao amin’ny “Politique Général de l’Etat, 2019-2020” ny hanaovana izany eto Sakaraha. Somary gaga izahay fa any Ranohira no hametrahana azy kanefa i Sakaraha dia efa vonona ny toerana hanamboarana azy. Inona no nahatonga ny fiovan’ny toerana.

Taorian’izay, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, indray no nomena fitenenana, ka toy izao izany.

Amin’ny anaran’ny Solombavambahoaka dia mitondra fankasitrahana feno tamin’ny tatitra nataon’ny Praiminisitra teo izahay satria tamin’ny antsihiriany tokoa no nanaovany izany.

Manarak’izay, ny asa atao iadiana amin’ny “Covid-19” sy ny asan’ny Governemanta. Raha manao ny asanareo ianareo dia fanohanana no tena ilaina mba hahatanterahanareo ny programan’asareo. Mankasitraka izahay ary izahay Solombavambahoaka dia vonona hanohana tanteraka ny programan’asa efa voafaritra hotanterahana eto Madagasikara.

Misy tombana vitsivitsy natao tamin’ny resaka sosialy, ny fitandroana filaminana ary ny ara-toekarena. Tsapa fa raha tsy nanao izany ezaka izany isika dia latsaka lalina ny toekarena ary ny isan’ny maty, mety tsy azo nisaina. Noho izany, manolotra fankasitrahana feno ho an’ny mambran’ny Governemanta rehetra izahay, indrindra, ho an’Andriamatoa Praiminisitra, satria hita mivaingana ny asa natao na teo aza ny fahasahiranana noho ity valan’aretina ity. Mankasitraka ny asa nataonareo izahay.

Taorian’izay, nomen-dRamatoa Filoha, an’Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana sy fanamarihana nataon’ny Filohan’ny Vaomiera na Vondrona Parlemantera teo.

Nomena 25 minitra, Andriamatoa Praiminisitra, hamaliany izany.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben’ny Governemanta

Nandray fitenenana teo ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera, nampian’ny namana Solombavambahoaka tao anatin’izay Vondrona Parlemantera. Tao anatin’izay koa ny Filohan’ny “Commission d’évaluation des politiques publiques”, tao koa ny toekarena ary ny tetipivoarana eto anivon’ny Antenimierampirenena.

Ny voalohan-teny dia mankasitraka anareo rehetra izay tsy nihaino fotsiny ny tatitra natao, fa nitondra fanamarihana na tsikera ihany koa. Tsikera izay ilain’ny tomponandraikitra mpanatanteraka, mba ahafahana manitsy raha mitombina tokoa izany tsikera izany.

Voalaza tamin’ny tatitra natao teo, fa tsy misy izany fiangarana izany eo anivon’ny Governemanta. Izahay samy ato anaty Governemanta dia mahatsapa amin’ny andavan’andron’ny asa atao, fa maniry ny hanao tsaratsara kokoa hiatrehana ny fanamby iombonantsika rehetra mba hanasoavana ny firenentsika.

Handray izany fanamarihana sy tsikera izany ary raisinay mpikambana ato amin’ny Governemanta manontolo ampanetren-tena izany.

Raha iverenana ny fandraisana fitenenana, misaotra anareo nanome fankaherezana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'ny asa nentina teto amin'ny tokony hotanterahana. Misy ny efa vita, voalaza teo ny vita ary misy ihany koa ny fanatsarana sy ny famitana ny asa.

Tiako ny manamarika, fa nitondra ny fandaharanasan'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana teto amin'ny Antenimierampirenena aho roa taona lasa izay. Tsy vitsy taminareo no niteny hoe: tsara izany Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany; mbola tsy nahitana ohatran'izao izahay hatramin'ny nisian'ny Governemanta nifanesy teto amintsika. Nisy niteny tamin'izay fotoana izay, tadidiko tsara, hoe hohitantsika eo na hotanterahana na sa tsia ny zavatra voarakitra tao. Inona no dikan'izany. Hoy ianareo tamin'izay fotoana izay: ho avy ny fotoana hangatahanay aminareo mpanatanteraka hoe aiza tokoa ny fotodrafitrasa toy izao nampanantenainareo fa tokony hotanterahana.

Sahy milaza amintsika mianakavy aho, fa noho ny ezaka niombonantsika rehetra dia manatanteraka izany isika.

Sarotra ny hilaza fa nanao kobaka ambava ny Filohan'ny Repoblika. Sarotra ny hilaza fa tsy nisy notanterahana ireny fampanantenana isan-karazany ireny. Ny antony, tsy hoe antaratasy fotsiny, fa ianareo Solombavambahoaka dia mahita ireny fotodrafitrasa maro ireny. Betsaka ny tsy vita tao anatin'ny taona maro kanefa notanterahantsika amin'izao fotoana izao. Miaraka isika, hoy aho, satria inona no antony. Maro amin'ireny fotodrafitrasa ireny; ianareo Solombavambahoaka no manoro hevitra anay hoe: andao ny mpandraharaha any aminay no mba horeaisina amin'ny fanaovana ny asa. Nanao an'izany izahay mpanatanteraka. Misy anefa pitsopitsony amin'ny fanarahana ny lalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakana, saingy nomena fahefana isika, nomena fomba fiasa isika amin'izao fotoana izao mba hijerena manokana ny mpandraharaha izay matetika tsy misy mpijery taloha. Matoa tanteraka izay zavatra izay, satria misy ny fiaraha-miasa amintsika. Ohatra fotsiny, ny sekoly, ny hopitaly, ny CSB any amin'ny toerana maro dia nasiana fotodrafitrasa. Ianareo Solombavambahoaka no manoro hevitra anay hoe: etsy na eroa ny toerana tokony hanaovana izany satria manakaiky ny filan'ny vahoana eny ifotony izany.

Izay no ilazana amintsika, fa misy asa tanterahana eto amin'ny firenena, tsy miankina fotsiny amin'ny mpanatanteraka, fa misy fiaraha-miasa atao. Isaorana anareo tamin'ny fandraisana fitenenana teo ary mbola isaorana anareo ihany koa izay fanomezan-tànanana izay. Firenena iombonantsika izy ity ary tsy misy afaka hiteny hoe tompony, fa isika rehetra zanak'ity Nosy ity dia samy tompony amin'izay fanatsarana na hampandrosoana azy izay.

Tao anatin'izay asa izay natao, te-hilaza amintsika aho, fa nasongadinay ny resaka sosialimbahoaka. Marina fa mety mbola tsy ampy izany. Marina fa mbola misy lesoka izany, fa raha ny ezaka rehetra ataontsika amin'ny sosialimbahoaka, toy ny fampianarana, ny mponina, ny fahasalamana. Ireo no anisan'ny zavatra imasoantsika ary ny tanjona dia ny hananana taranaka voavolavola amin'ny lafiny fomba fiasa na ny fiofanana. Izay no anaovana ireny sekoly maro be ireny. Tsy sekoly fe sekoly fotsiny, fa sekoly tena manana ny mahaizy azy, mba hampisongadina ny taranatsika. Ireny fananganana tetikasa ireny; fantatsika tsara izany; mamorona asa izy ireny. Mamorona vola sy fampidiram-bola koa ho an'ny mpandraharaha rehetra izay manodidina izany asa izany. Misy vola tonga any am-paositany Malagasy ireny fotodrafitrasa ireny. Tsy misy fotodrafitrasa atsangana, ka tsy hisy vola tsy hampiasaina ao anatin'ny. Mety hiteny isika hoe tsy izaho no nahazo izany.

Marina izany, fa izao kosa ny ezaka atao satria izay no voalazan'ny Filohan'ny Repoblika; hanao "plan marshall" isika mba hahafahana manosika ny toekarentsika amin'ny alalan'ny fampiasam-bola na "investissement".

Misy fomba maro azo anaovana ny "relance économique"; na amin'ny alalan'ny fanjifana na "consommation" izany satria amin'izao fotoana izao, ambany ny fahefa-mividin'ny vahoaka. Tsy maintsy entitsika ny lalan-tsaina vaovao izay fahefan'ny fanjakana raha tsy hiandry fotsiny ny sehatra tsy miankina. Ny fanjakana mihitsy no miditra amin'ny fampiasam-bola; amin'izay fotoana izay dia hisy vola eran'i Madagasikara satria eto Madagasikara no hanaovana ireny fotodrafitrasa ireny.

Mifandray izany ny fanaovana fotodrafitrasa sy ny fijerena ny asa satria raha tsy manao fotodrafitrasa ireny isika dia miteny aminareo aho, fa hisy seha-pihariana maro eto Madagasikara izay tena ho latsaka mihitsy, indrindra ny seha-pihariana momba ny asa vaventy sy ny asa hafa manodidina izany.

Manararaotra mamaly antsika mlkasika ny ahiahy hoe: ahoana ny fandoavam-bola amin'ny asa efa vita.

Roa no azo amaliana izany:

Voalohany, mety misy ny atao hoe tsy fandaminana teo amin'ny Minisitera tsirairay sy ny tompon'ny orinasa, ka nahatonga ny fisian'ny fahatarana tamin'ny fandoavana ny vola tamin'ny asa vita. Iny dia hezahana hamboarina ny pitsopitsony mikasika azy. Vita ve ny "reception provisoire", tena ao ve ny kalitaon'ny asa, izay vao aloa ny vola.

Marina ihany koa fa misy ny goragora, ny tandrevaka amin'ny fanatanterahana ny asa.

Tsy maintsy andraisana fepetra izany. Tsy afaka hiray tsikombakomba amin'ny tsenam-baro-panjakana tsy notanterahana na notanterahana tamin'ny ampahany isika. Ny tiana ambara amintsika dia misy ny kolikoly. Ny ady ataontsika amin'ny kolikoly dia mila ezaka AVY amintsika rehetra. Tsy tokony hiaro an'ireny olona manao asa momba ny tsenam-baro-panjakana tsy ara-dalàna ireny isika.

Ny tiana holazaina dia isika no mijery hoe inona no vahaolana, fa raha «marché fictif» no misy, tsy afaka manaiky an'izany na iza izy na iza satria izany no ady ataontsika amin'ity firenena ity, mba tsy ohatran'izany ny fomba fiasa amin'ny tsenam-barotra.

Hafatra teo ihany koa ny mikasika ny Kominina. Nanao ezaka isika nampiakatra ny «subvention» ho azy ireo, nijery lalam-bola maro isika mba ahafahana manampy izany. Aza hadinoina fa araka ny voalazako teo dia nanao ezaka isika hametraka politika vaovao momba ny fitsinjaram-pahefana ary efa voapetraka eo anivon'ny Parlemanta ny volavolan-dalàna mikasika izany, satria ianareo rahateo no solotenan'ny vahoaka, handinika tsara ny karazana fitsinjaram-pahefana tiana hapetraka amin'ity firenentsika ity.

Amin'izao fotoana izao, efa nomena fahefana avy tamin'ny fanjakana foibe ny Faritra. Toy izany koa ny petra-bola avy amin'ny fanjakana foibe omena ny Faritra. Hitantsika ihany koa ny fitaovana nomena ny Faritra mba ahafahana manatanteraka sy manafy ny risipontsika amin'ny fanatanterahana haingana ny asa. Efa miditra amin'izany fitsinjaram-pahefana izany isika. Efa miditra amin'ny fitsinjaram-paritra isika satria azo lazaina, fa efa ao anaty «conférence budgétaire» isika ary efa voalaza tao anaty tatitra, fa amin'ity herinandro ity no hanaovana izany any amin'ny Faritra Androy sy Anosy.

Ny tiana tsindriana, marina fa olombelona daholo isika rehetra, ohatran'izany koa ny Governoram-paritra. Manoritra mazava tsara izahay, fa ny tombana izay hatao dia tombona mikasika ny tenanay satria olom-boatendry daholo izahay ary ao anatin'izay koa ny Governoram-paritra. Ny fomba ijerena ny mety sy ny tsy mety, efa voalazako ombieny ombieny, fa ho an'ny Governoram-paritra rehetra dia tokony hahay hiara-hiasa amin'ny tomponandraikitra any amin'ny Faritra izy ireo ary ao anatin'izay koa ny Ben'ny Tanàna sy ny Solombavambahoaka. Noho izany, anjaran'ny Governoram-paritra no mahay miara-miasa, mandray ny hevitra ary indrindra manaiky ihany koa ny fanamarihana isan-karazany. Manome toky anareo izahay, fa anisan'ny zavatra hojerenay manokana ny fanatanterahana ny fomba fanaovana toman'ezaka ho an'ny tomponandraikitra tahaka ahy izao.

Ny ezaka ataon'ny olom-boatendry dia mety hahasoa ny firenena ary mety hanahirana ny firenena ihany koa rehefa mibirioka amin'ny zavatra hafa. Ny fahaizantsika miara-miasa na olom-boafidy na olom-boatendry dia mety hahasoa ny firenena. Koa ampirisihina isika rehetra mba hanao izany.

Nojerena koa ny lavanila. Sehatra iray anisan'ny mampidi-bola ho an'ny firenena ny lavanila ary ny hevi-dehibe iray lehibe dia hoe: ahoana no ahafahana mitazona na manatevina io seha-ihariana io. Ao anatin'izay koa ny "Cacao", ny "litchi", ny kafe, ny jirofo sns... Anisan'ny misedra olana ny seha-pihariana lavanila. Izany no nanavaozana ny Filankevi-pirenena momba ny lavanila na ny «Conseil Nationale de la vanille». Nivoaka efa ho roa herinandro mahery ny rijan-teny vaovao anomezana lanja bebe kokoa ny mpamboly, ny mpanangom-bokatra sy ny mpanondrana lavanila. Amin'izay fotoana izay, samy hahazo tombotsoa amin'izay tontolo anankiray izay ny rehetra. Ny hoe, ahoana ny fotoana fihotazana, ny vidiny lavanila maitso ary ny mikasika ny filaminana any amin'ny Faritra famokarana lavanila.

Nisy fitetezam-paritra natao tamin'ny Faritra miisa 9 ahitana famokarana lavanila eto amintsika. Ny hevitra rehetra mikasika ny fitetezam-paritra dia naravona, nanaovana fanitsiana ary nametrahana ny Filankevi-pirenena momba ny lavanila. Heverina fa efa nifampiresaka tamin'ny mpandraharaha ny Minisiteran'ny Varotra, ao koa ny mpamboly, ny mpanangom-bokatra, ny mpanomana ary ny mpanondrana lavanila. Tokony hanana fijery lavitra isika eo anatrehan'izay. Marina fa ny tsena iraisam-pirenena amin'izao fotoana izao, mbola voabaikon'ny tinady izay ambany dia ambany. Ny tinady maneran-tany dia ambany tokoa kanefa mbola voaaro ny lavanila ary mijery ny fiarovana ny tombotsoan'ny rehetra sy ny sehatra ao anatin'izany "chaîne de valeur"-n'ny lavanila izany isika.

Voalazana teo ihany koa mikasika ny fifidianana. Marina tokoa, fa manao ezaka isika ary tsy mitsahatra ny tenako miteny ary misaotra ny vahoaka Malagasy tamin'ny fametrahany ny Filohampirenena satria izy no tompom-pahefana ambony indrindra. Ny vahoaka no manome fahefana ny olona hisolotena azy amin'ny alalan'ny fifidianana madio. Azo tanterahana ary efa iainanantsika izany amin'izao fotoana izao.

Ny zava-misy, mbola misy ezaka ary ekeko ampanatren-tena fa maro ny ezaka hataontsika eo amin'ny fanatanterahana ny departemanta maromaro. Tsy ny Fitsarana irery ihany, fa betsaka ny departemanta izay mila fanitsiana mba hisian'ny tena fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra.

Raha ny fitsarana manokana, azo lazaina fa betsaka ny ezaka ataon'izy ireo amin'izao fotoana izao, anisan'izany ny fametrahana ny "Conseil Supérieur de la Magistrature" tamin'ny farany teo. Ataoko fa misy ezaka mandeha eo amin'ny sehatry ny fitsarana. Eo ihany koa ny fahatongavan-tsaina ary tsy tokony ho sarotra amintsika ny fanatanterahana izany eo amin'ny fitsarana.

Ny azo ambara dia betsaka ireo ezaka ataon'ny fitsarana tao anatin'ny tatitra natao teo. Efa miverina tsikelikely ny fahafahan'ny fitsarana hanitsy ny "hierarchie entre détenu prévenu" sy ny "détenu condamné". Izany hoe, raha ohatra latsaky ny 40% ny isany "détenu" izay voatsara tany amin'ny fonja, efa mananika ny 45 na 46% any ho any izany amin'izao fotoana izao.

Midika izany, fa misy hetsika ataon'ny ny fitsarana. Miara-miaiky isika, fa tsy azoko ekena kosa ny fahitana hoe misy toerana anakiray, olona miisa 500 no nifidy ny kandida ary amin'io toerana io misy olona 5 000 tokony hifidy ny kandida ary mivadika ny valim-pifidianana nataon'ireo olona 500 izay lazaina, fa lany tamin'ny fifidianana. Sarotra kosa ny mihaino an'izany. Misy fanitsiana tokony hatao ary ny tomponandraikitra tsirairay no manitsy ny mikasika izany, indrindra eo ihany koa ny mpitsara izay mamoka ny didim-pitsarana tahaka izany. Lavitry ny fahamarinana ny asa izay ataon'izy ireo raha izany no jerena.

Ny mifidy olona manokana dia nifanarahana tamin'ny Solombavambahoaka, fa mitovy ny fifidianana manerana an'i Madagasikara. Ny zava-misy, mbola betsaka ny kolikoly ary misy amin'ireo tomponandraikitra no manao izany. Efa mijery an'izany manokana ny Minisitery misahana izany amin'izao fotoana izao. Betsaka ny famaizana hatao amin'izay tratra. Tsy maintsy itondrana fanitsiana izany zavatra tsy mety any amin'ny Faritra rehetra izany.

Ny tanjona dia ny hamerenana ny fandriam-pahalemana eran'i Madagasikara. Henoko izany zavatra izany ary dinihana ny mikasika azy satria ny tanjontsika dia ny ahafahan'ny rehetra miaina ao anaty fandriam-pahalemana. Tahaka izany koa eny amin'ny lalam-pirenena.

Mikasika ny elanelana misy eo amintsika. Hiezaka hatrany izahay mba tsy hisian'izany ary ianareo koa tokony hiezaka amin'ny tena fampanandrosoana ataonareo. Misy hevitra koa mandalo mahatonga ireny tsy fitovian-kevitra ireny; tsy midika izany, fa tsy hifandray isika, fa hiroso avy hatrany amin'ny fitadiavana ny tombotsoa iombonana.

Izay no lava, izay no fohy, fa mamerina ny fisaorana ho anareo ihany koa.

Fsaorana an'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny valin-teny nentiny no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay ary fitenenana koa, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba hitondra ny valim-panontaniana mifanandrify aminy.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Ny tenako dia ao anatin'ny Governemanta, mazava HO azy, fa ny fanazavana nentin'Andriamatoa Praiminisitra teo dia mifanandrify amin'ny asa ataon'ny Governemanta amin'ny ankapobeny, indrindra amin'ny lafiny toekarena sy ny lafiny ara-bola.

Misy fanampiny nentin'Andriamatoa Praiminisitra teo, mikasika ny tokony hanitsiana ny "circulaire" momba ny volan'ny CIAD entin'ny Solombavambahoaka miasa any amin'ny Faritra. Voaray Andriamatoa TSARADIA Marco ny mikasika an'iny. Efa nisy dinik'asa natao mba hijerena hoe nahoana tokoa raha ferana ny fampiasana azy.

Ianareo no manana ny fenitra ara-politika; izahay kosa mijery ny lafiny teknika mifanandrify amin'ny lalàna. Heveriko fa rariny sy hitsiny raha tokony hojerena ny mikasika izay “circulaire” izay kanefa efa nomarihana, fa ianareo no manana ny tiana hambara amin'ny fampiasana azy. Voaray ny mikasika izay.

Nisy fanontaniana koa mikasika ny fampiasana ny tetibola amin'ireny tetikasa samihafa ireny. Efa miezaka momba izany isika amin'izao fotoana izao.

Averiko ihany, fa ity Governemanta ity dia Governemanta manadio, manatsara; Governemanta mitondra fanovàna betsaka. Vao roa taona mahery kely fotsiny no niasantsika kanefa azo lazaina fa tena nisy ezaka be natao. Azo lazaina fa tena mampikorontan-tsaina ihany hoe: inona marina no tena tadiavintsika, hanatsara ve sa hiverina amin'ny fomba fiasa teo aloha. Koa ampitaina eny anivon'ny Minisitery tsirairay avy ny fampiasana ny vola voaray. Ny tenanay dia eo amin'ny lafiny famatsiana ara-bola no tena andraikitra napetraka taminay.

Misy teny kely koa mikasika ny “trésorier principal” hoe, misy Faritra sahirana amin'ny toeram-piasany na ny toeram-ponenany koa. Efa fantatra tokoa izany ary tena mampalahelo ny zava-misy iain'ireny “trésorier principal” ireny satria manjary tsy afa-miasa. Tsy noho ny resaka trano ihany, fa eo koa ny resaka fitaovana, toy ny seza sy latabatra, ny fahadiovana sy ny toeram-pivoahana maloto; ny fitaovana enti-miasa rehetra, tsy araka ny tokony ho izy. Efa fantatra avokoa izany. Ankehitriny, efa manao tetiandro isika mba hoentina hanatsarana izay lafiny izay.

Voaray ny fanamarihana momba ny “fonds Covid-19”, eo ampandrasàna no ahitana ny atiny. Raha misy tsy mety dia ahitsy ary raha misy ny bingo dia hatsaraina avy hatrany ihany koa mba ho tafiditra tsara ao anatin'ny fangaraharana isika. Amin'izao fotoana izao dia tsy misy intsony izany atao hoe “secret d'Etat” izany. Tsy toy ny taloha intsony, indraindray aza any amin'ny filazam-baovao samihafa any no ahenonana ny fisian'izany resaka izany. Midika izany, fa ao anatin'ny vanim-potoana vaovao tokoa isika amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny “Agent comptable” any amin'ny “établissement public” dia mamelà ahy mba hitondra tarehi-marika iray. Efa 87% ny PME manana “Agent comptable. Indraindray dia “établissements publics” miisa 2 na 3 no sahaniny; mazava loatra fa mety hisy vanim-potoana tsy maha eo ny “Agent comptable”. Mety nisahana andraikitra hafa angamba izy. Henonay tokoa ny filazana, fa misy fanatsarana tokony hatao amin'izy ireny. Marihana fa tsy mora ny mitady olona manana “éthique” mifanandrify amin'izao fomba fiasantsika izao. Tsy mora, hoy aho, satria ianao nianatra “comptabilité publique” satria ianao «Inspecteur du Trésor» dia atokisana amin'ny lafiny rehetra, tsia marina izay. Ianareo Solombavambahoaka koa politika no jerenareo, miseho ny vahoaka ianareo. Mety hitranga koa ny tsy fitovian-kevitra any amin'ny Faritra kanefa araka ny tenin'Andriamatoa Praiminisitra teo, firenena iombonana izy ity, iaraha-manana ny fampandrosoana ny firenena. Manatsara hatrany isika amin'izay lafiny izay. Efa fantatra ihany koa mikasika ny “amethis”, efa hatramin'ny taona 2019 isika no nijery hoe tokony hiverina any amin'ny DGI ny andraikitra napetraka taminay, kanefa tsy mora ny manao “révolution”, tsy mora ihany koa ny manova. Nisy ny ezaka efa vitantsika ary efa eo ampandrasàna isika amin'izao.

Mikasika ny "relation publique" koa dia tandrovina, fa tsy vitan'ny fikapohana latabatra fotsiny dia milamina ny zavatra rehetra. Fantatra dia fantatra ny mikasika izay ary tombotsoam-pirenena koa no jerentsika. Noho izany, tsy maintsy maka fanapahan-kevitra amin'izay lafiny izay ny Governemanta.

Ny resaka vidin'ny entana na ny "déclaration" any amin'ny "douane", matetika dia ny tetibidy ambany no apetrak'ireo olona raha misy entana ampidirina eto Madagasikara. Ohatra raha toa "10 000 Euros" no tetibidiny dia lazaina fa "2 000 Euros" izany. Misy tokoa izany. Misy olona tsy milaza ny marina, misy misandoka. Isika manana ny fandrefesana izany ary inona no tokony hatao amin'izany, sanatria hoe misy fitiavana hisotasota. Misy ihany koa anefa ny fahefana ananan'ireo olona ireo hoe: tsy mifanaraka amin'izay ny eritreriny.

Momba ny lavanila araka ny voalazan'Andriamatoa Praiminisitra. Misaotra anao nilaza momba an'i Soanierana-Ivongo. Hojerena ny "Trésorier Principal" any an-toerana. Tsy fantatro ny mikasika an'izay, fa heveriko fa tena zava-dehibe saingy mbola tsy misy lamina hatao amin'izany.

Misaotra anareo naharitra nihaino.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha sy Andriamatoa Praiminisitra.

Naneho fisaorana sy fankasitrahana feno an'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy Andriamatoa Ministry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola noho ny fanaovana tatitra sy fanomezam-panazavana nataon'izy teto anivon'ny Antenimierampirenena no netin-dRamatoa Filoha, ny fandraisam-pitenenana nataon'ny mpikambana tao amin'ny Governemanta.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, anio tolak'andro, amin'ny 3 ora, mbola hitohy ny fivoriambe hanohizana ny fihainoana ny tatitra hataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny fanatanterahany ny fandaharanasany, hataon'ny Ministry ny Fanabeazam-pirenena, ny Ministry ny Fiarovam-pirenena ary ny Ministry ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana Arak'asa.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana izany. Nomarihany koa fa fivoriana ampitain-davitra ihany na "visio conférence" hatrany ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona